- à concurrence de : **139,7 milliards Ariary** au titre des intérêts de la dette , étant initialement prévu à 192,7 milliards d'Ariary, soit une diminution de 53,0 milliards Ariary ;

- à concurrence de : **157,0 milliards Ariary** au titre des Pouvoirs publics, étant initialement prévu à 146,2 milliards d'Ariary, soit une augmentation de 10,8 milliards d'Ariary, se répartissant comme suit :

en milliers d'Ariary

CODE	POUVOIRS PUBLICS	CREDITS INITIAUX	MODIFICATIONS		NOUVEAUX CREDITS
			en +	en -	
<b>01</b>	<b>PRESIDENCE</b>	<b>79 816 357</b>	<b>8 152 757</b>	<b>6 940 757</b>	<b>81 028 357</b>
010	Présidence de la République	79 816 357	8 152 757	6 940 757	81 028 357
<b>02</b>	<b>SENAT</b>	<b>7 100 505</b>	<b>1 838 000</b>	<b>338 000</b>	<b>8 600 505</b>
020	Sénat	1 388 183	228 000	228 000	1 388 183
021	SENAT - Administration et Coordination	5 712 322	1 610 000	110 000	7 212 322
<b>03</b>	<b>ASSEMBLÉE NATIONALE</b>	<b>13 050 367</b>	<b>3 100 000</b>	<b>0</b>	<b>16 150 367</b>
030	Assemblée Nationale	13 050 367	3 100 000	0	16 150 367
<b>04</b>	<b>HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE</b>	<b>1 923 174</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>1 923 174</b>
040	Haute Cour Constitutionnelle	1 900 416	0	0	1 900 416
041	HCC - Administration et Coordination	22 758	0	0	22 758
<b>05</b>	<b>PRIMATURE</b>	<b>44 309 418</b>	<b>6 304 173</b>	<b>1 304 173</b>	<b>49 309 418</b>
050	Primature	41 951 161	6 304 173	1 304 173	46 951 161
051	PRIMATURE - Administration et Coordination	2 358 257	0	0	2 358 257
	<b>TOTAL</b>	<b>146 199 821</b>	<b>19 394 931</b>	<b>8 582 931</b>	<b>157 011 821</b>

Leur développement est donné en annexe de la présente Loi.

- à concurrence de **3.094,4 milliards Ariary** au titre des moyens des Ministères, étant initialement prévue à 2.907,7 milliards d'Ariary, soit une augmentation de 186,7 milliards d'Ariary, se répartissant comme suit :

CODE	MINISTERES	CREDITS INITIAUX	MODIFICATIONS		en milliers d'Ariary
			en +	en -	NOUVEAUX CREDITS
<b>11</b>	<b>MAE</b>	<b>54 177 087</b>	<b>7 821 163</b>	<b>524 014</b>	<b>61 474 236</b>
110	Affaires Etrangères	8 786 053	1 156 963	221 814	9 721 202
111	MAE - Administration et Coordination	45 391 034	6 664 200	302 200	51 753 034
<b>12</b>	<b>MDN</b>	<b>176 425 621</b>	<b>75 675 320</b>	<b>75 675 320</b>	<b>176 425 621</b>
120	Sécurité nationale	92 396 392	30 694 066	30 694 066	92 396 392
121	MDN - Administration et Coordination	9 843 369	7 000	7 000	9 843 369
130	Sécurité intérieure	74 185 860	44 974 254	44 974 254	74 185 860
<b>14</b>	<b>MID</b>	<b>101 957 037</b>	<b>47 980 838</b>	<b>9 105 238</b>	<b>140 832 637</b>
140	Administration du Territoire et Réforme Administrative	24 726 229	21 105 238	9 105 238	36 726 229
141	MININTER - Administration et Coordination	6 660 636	16 875 600	0	23 536 236
170	Décentralisation	70 570 172	10 000 000	0	80 570 172
<b>15</b>	<b>SESI</b>	<b>57 992 060</b>	<b>21 731 942</b>	<b>21 731 942</b>	<b>57 992 060</b>
150	Sécurité publique	57 578 809	21 731 942	21 731 942	57 578 809
151	SESI - Administration et Coordination	413 251	0	0	413 251
<b>16</b>	<b>MINJUSTICE</b>	<b>61 786 845</b>	<b>18 471 688</b>	<b>16 471 688</b>	<b>63 786 845</b>
160	Justice	48 609 129	16 471 688	16 471 688	48 609 129
161	MINJUS - Administration et Coordination	13 177 716	2 000 000	0	15 177 716
<b>17</b>	<b>MRFDAT</b>	<b>208 072 714</b>	<b>11 285 560</b>	<b>9 894 075</b>	<b>209 464 199</b>
171	MRFDAT - Administration et Coordination	70 593 313	10 348 704	9 717 219	71 224 798
620	Aménagement du Territoire	137 479 401	936 856	176 856	138 239 401
<b>21</b>	<b>MFB</b>	<b>393 324 842</b>	<b>271 425 545</b>	<b>226 086 701</b>	<b>438 663 686</b>
210	Finances	44 367 476	8 208 273	6 950 273	45 625 476
211	MFB - Administration et Coordination	40 337 925	5 212 352	561 632	44 988 585
230	Budget	308 619 441	258 004 920	218 574 736	348 049 625
<b>25</b>	<b>MECI</b>	<b>30 770 942</b>	<b>2 928 196</b>	<b>2 928 196</b>	<b>30 770 942</b>
250	Economie	12 343 161	1 268 856	1 268 856	12 343 161
251	MECI - Administration et Coordination	11 210 156	910 254	910 254	11 210 156
280	Secteur Privé	1 657 622	78 634	78 634	1 657 622
340	Industrie	1 468 981	329 928	329 928	1 468 981
360	Commerce	4 091 022	340 524	340 524	4 091 022
<b>32</b>	<b>MINFOP</b>	<b>7 965 333</b>	<b>711 386</b>	<b>698 386</b>	<b>7 978 333</b>
310	Travail et Lois sociales	984 742	185 497	185 497	984 742
320	Fonction Publique	3 749 309	397 048	397 048	3 749 309
321	MINFOP - Administration et Coordination	2 157 327	30 225	17 225	2 170 327
330	Emploi	1 073 955	98 616	98 616	1 073 955
<b>41</b>	<b>MAEP</b>	<b>263 814 716</b>	<b>44 833 158</b>	<b>10 133 158</b>	<b>298 514 716</b>
410	Agriculture	204 723 079	40 942 406	6 242 406	239 423 079
411	MAEP - Administration et Coordination	15 843 601	204 308	204 308	15 843 601
420	Elevage	13 141 879	724 543	724 543	13 141 879
430	Pêches	30 106 157	2 961 901	2 961 901	30 106 157
<b>44</b>	<b>MEEFT</b>	<b>70 770 679</b>	<b>1 512 307</b>	<b>1 512 307</b>	<b>70 770 679</b>
350	Tourisme	3 089 766	158 423	158 423	3 089 766
440	Environnement	66 044 733	1 353 884	1 353 884	66 044 733
441	MEEF - Administration et Coordination	1 636 180	0	0	1 636 180
<b>51</b>	<b>MEM</b>	<b>172 540 715</b>	<b>72 898 742</b>	<b>56 742 075</b>	<b>188 697 382</b>
510	Energie	81 368 216	70 543 789	54 308 951	97 603 054
511	MEM - Administration et Coordination	1 564 626	965 822	761 758	1 768 690
520	Eaux et assainissement	73 002 903	926 307	1 254 023	72 675 187
530	Mines	16 604 970	462 824	417 343	16 650 451
<b>61</b>	<b>MTPM</b>	<b>353 953 430</b>	<b>14 155 184</b>	<b>4 255 184</b>	<b>363 853 430</b>
610	Travaux Publics	351 588 399	14 149 529	4 249 529	361 488 399
611	MTPM - Administration et Coordination	862 096	0	0	862 096
680	Météo	1 502 935	5 655	5 655	1 502 935
<b>63</b>	<b>MT</b>	<b>76 482 008</b>	<b>14 596 853</b>	<b>4 596 853</b>	<b>86 482 008</b>
630	Transports	75 207 711	14 548 838	4 548 838	85 207 711
631	MT - Administration et Coordination	1 274 297	48 015	48 015	1 274 297
<b>66</b>	<b>MTPC</b>	<b>35 017 769</b>	<b>2 289 186</b>	<b>678 786</b>	<b>36 628 169</b>
370	Communications	20 704 777	2 289 186	678 786	22 315 177
660	Télécommunications	14 219 239	0	0	14 219 239
661	MTPC - Administration et Coordination	93 753	0	0	93 753
<b>71</b>	<b>MINSAN</b>	<b>256 040 352</b>	<b>23 563 884</b>	<b>22 763 884</b>	<b>256 840 352</b>

710	Santé	210 235 285	22 807 491	22 007 491	211 035 285
711	MINSANPF - Administration et Coordination	34 382 152	58 301	58 301	34 382 152
720	Planning Familial	3 489 239	16 504	16 504	3 489 239
760	Population	3 508 774	648 223	648 223	3 508 774
770	Protection Sociale	4 424 902	33 365	33 365	4 424 902
<b>78</b>	<b>MSCL</b>	<b>16 077 241</b>	<b>5 916 086</b>	<b>2 224 086</b>	<b>19 769 241</b>
750	Jeunesse	1 756 029	6 304	6 304	1 756 029
780	Sports	7 621 002	5 632 971	1 940 971	11 313 002
781	MSCL - Administration et Coordination	1 686 276	0	0	1 686 276
790	Loisirs	158 596	0	0	158 596
860	Culture	4 855 338	276 811	276 811	4 855 338
<b>81</b>	<b>MEN</b>	<b>570 493 870</b>	<b>141 657 205</b>	<b>126 657 205</b>	<b>585 493 870</b>
810	Education Primaire	431 505 975	120 415 551	105 415 551	446 505 975
811	MENRS - Administration et Coordination	13 061 420	439 828	439 828	13 061 420
820	Secondaire Général	44 495 701	10 141 103	10 141 103	44 495 701
830	Formation professionnelle et Technique	12 780 044	5 235 393	5 235 393	12 780 044
840	Enseignement Supérieur	60 752 487	5 324 903	5 324 903	60 752 487
850	Recherche Scientifique	7 898 243	100 427	100 427	7 898 243
-	<b>TOTAL</b>	<b>2 907 663 261</b>	<b>779 454 243</b>	<b>592 679 098</b>	<b>3 094 438 406</b>

Leur développement est donné en annexe de la présente Loi.

Soit en totalité :

En Ariary

RUBRIQUE	Montant initial	Modifications		Montant rectifié
		En +	En -	
INTERETS DE LA DETTE PUBLIQUE	192 713 451 000	0	53 054 413 333	139 659 037 667
MOYENS POUVOIRS PUBLICS	146 199 821 000	19 394 930 800	8 582 930 800	157 011 821 000
MOYENS DES MINISTERES	2 907 663 261 000	779 454 243 000	592 679 098 000	3 094 438 406 000
<b>TOTAL</b>	<b>3 246 576 533 000</b>	<b>798 849 173 800</b>	<b>654 316 442 133</b>	<b>3 391 109 264 667</b>

#### ARTICLE 6

Conformément au tableau annexé à la présente Loi, est autorisée au titre des Dépenses d'Investissement (Ressources propres, Emprunts Etat, Subvention extérieure, Fonds de Contrevaaleur) du Budget Général 2008, l'inscription d'autorisation de programme s'élève à **4.880,3 milliards Ariary** pour un montant initial de 4.740,3 milliards Ariary soit une augmentation de 140,0 milliards Ariary.

#### ARTICLE 7

Le plafond des crédits de paiement ouverts au titre des Dépenses d'Investissement (Ressources propres, Emprunt Etat, Subvention extérieure, Fonds de Contrevaaleur) du Budget Général 2008 s'élève à la somme de **1.681.6 milliards d'Ariary**, étant initialement prévu à 1.604,2 milliards d'Ariary, soit une augmentation de 77,4 milliards d'Ariary, et conformément au tableau annexé à la présente Loi.

#### ARTICLE 8

Les produits, revenus et dépenses applicables au Budget Annexe des Postes et Télécommunications pour 2008 sont évalués comme suit :

En Ariary

NOMENCLATURE	CREDITS INITIAUX	MODIFICATIONS		NOUVEAUX CREDITS
		En +	En -	
<b>RECETTES</b>	<b>4.500.000.000</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>4.500.000.000</b>
- Recettes d'exploitation	4.500.000.000	0	0	4.500.000.000
- Recettes en capital	0	0	0	0
<b>DEPENSES</b>	<b>4.500.000.000</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>4.500.000.000</b>
- Dépenses d'exploitation	4.500.000.000	0	0	4.500.000.000
- Dépenses d'Investissement	0	0	0	0
.Autorisation d'Engagement	0	0	0	0
.Crédit de paiement	0	0	0	0

Leur développement est donné en annexe de la présente Loi.

#### ARTICLE 9

Les produits, revenus et dépenses applicables au Budget Annexe de l'Imprimerie Nationale pour 2008 sont évalués comme suit :

NOMENCLATURE	CREDITS INITIAUX	MODIFICATIONS		NOUVEAUX CREDITS
		En +	En -	
<b>RECETTES</b>	<b>10.673.210.000</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>10.673.210.000</b>
- Recettes d'exploitation	9.933.210.000	0	0	9.933.210.000
- Recettes en capital	740.000.000	0	0	740.000.000
<b>DEPENSES</b>	<b>10.673.210.000</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>10.673.210.000</b>
- Dépenses d'exploitation	9.933.210.000	0	0	9.933.210.000
- Dépenses d'Investissement	740.000.000	0	0	740.000.000
.Autorisation d'Engagement	740.000.000	0	0	740.000.000
.Crédit de paiement	740.000.000	0	0	740.000.000

Leur développement est donné en annexe de la présente Loi.

#### ARTICLE 10

Les opérations des Comptes Particuliers du Trésor sont évaluées à **246,5 milliards Ariary** en recettes et à **454,7 milliards Ariary** en dépenses, conformément au tableau donné en annexe de la présente Loi.

NOMENCLATURE	CREDITS INITIAUX	MODIFICATIONS		NOUVEAUX CREDITS
		en +	en -	
<b>RECETTES</b>	<b>246 477</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>246 477</b>
- Compte de prêts	92 375	0	0	92 375
- Compte de participation	1 426	0	0	1 426
- Compte de commerce	152 676	0	0	152 676
<b>DEPENSES</b>	<b>438 471</b>	<b>16 200</b>	<b>0</b>	<b>454 671</b>
- Compte de prêts	20 000	0	0	20 000
- Compte de participation	265 795	16 200	0	281 995
- Compte de commerce	152 676	0	0	152 676

Leur développement est donné en annexe de la présente Loi

#### ARTICLE 11

Le Ministre des Finances et du Budget est autorisé en 2008 à consentir des avances, prêts et participations dans la limite de **302,0 milliards d'Ariary**, conformément au tableau donné en annexe de la présente Loi.

#### ARTICLE 12

Les opérations génératrices de Fonds de Contre valeur et assimilées sont évaluées en 2008 à **3,0 milliards Ariary** en dépenses et à **8,6 milliards Ariary** en recettes.

#### ARTICLE 13

Les prévisions des opérations de la dette publique sont fixées comme suit :

	en milliards d'Ariary
<b>- en recettes</b>	<b>2.471,3</b>
<b>- en dépenses</b>	<b>1.592,7</b>

#### ARTICLE 14

Les conditions générales d'équilibre de la présente Loi de Finances Rectificative pour 2008 sont définies conformément au tableau suivant :

**EQUILIBRE GENERAL DE LA LOI  
PORTANT LOI DE FINANCES RECTIFICATIVE POUR 2008**

en milliards Ariary

NOMENCLATURE	DEPENSES			RECETTES		
	Loi de Finances Initiale 2008	Modifications en + ou en -	Loi de Finances Rectifiée 2008	Loi de Finances Initiale 2008	Modifications en + ou en -	Loi de Finances Rectifiée 2008
<b>CADRE I</b>						
BUDGET GENERAL DE L'ETAT						
a. Opérations de Fonctionnement	1.642,4	+ 67,2	1.709,6	1.948,2	+ 170,4	2.118,6
b. Opérations d'investissement	1.604,2	+ 77,4	1.681,6	596,6	0,0	596,6
<b>TOTAL BUDGET GENERAL</b>	<b>3.246,6</b>	<b>+ 144,6</b>	<b>3.391,2</b>	<b>2.544,8</b>	<b>+ 170,4</b>	<b>2.715,2</b>
<i>SOLDE CADRE I</i>				<b>- 701,8</b>		<b>- 676,0</b>
<b>CADRE II</b>						
BUDGETS ANNEXES						
a. Opérations de Fonctionnement						
b. Opérations d'investissement						
<b>TOTAL BUDGETS ANNEXES</b>	<b>15,2</b>	<b>0</b>	<b>15,2</b>	<b>15,2</b>	<b>0</b>	<b>15,2</b>
<i>SOLDE CADRE II</i>				<b>0</b>		<b>0</b>
<b>CADRE III</b>						
OPERATIONS DES COMPTES PARTICULIERS DU TRESOR	438,5	+ 16,2	454,7	246,5	0	246,5
<b>TOTAL CADRE III</b>	<b>438,5</b>	<b>+ 16,2</b>	<b>454,7</b>	<b>246,5</b>	<b>0</b>	<b>246,5</b>
<i>SOLDE CADRE III</i>				<b>- 192,0</b>		<b>- 208,2</b>
<b>CADRE IV</b>						
OPERATIONS GENERATRICES DE FCV ET ASSIMILEES	3,0	0	3,0	8,5	+ 0,1	8,6
<b>TOTAL CADRE IV</b>	<b>3,0</b>	<b>0</b>	<b>3,0</b>	<b>8,5</b>	<b>+ 0,1</b>	<b>8,6</b>
<i>SOLDE CADRE IV</i>				<b>+ 5,5</b>		<b>+ 5,6</b>
<b>CADRE V</b>						
OPERATIONS EN CAPITAL DE LA DETTE PUBLIQUE						
a.-Dettes Intérieures à court terme:						
. Apurement/Accumulation Intérieure	64,4	- 64,4	0,0	64,4	- 64,4	0,0
. Bons de trésor	1.692,9	- 189,0	1.503,9	1.821,7	- 212,0	1.609,7
. Système bancaire	125,7	- 97,0	28,7	241,1	- 130,3	110,8
. Autres	14,2	0	14,2			
-Dettes Extérieures à court terme				16,5	- 1,0	15,5
-Dettes Extérieures MLT	36,9	- 2,6	34,3	572,5	0	572,5
-Aides extérieures						
b.-Disponibilité Mobilisable	7,2	+ 4,4	11,6			
. Financement exceptionnel				113,4	+ 49,4	162,8
<b>TOTAL CADRE V</b>	<b>1.941,3</b>	<b>- 348,6</b>	<b>1.592,7</b>	<b>2.829,6</b>	<b>- 358,3</b>	<b>2.471,3</b>
<i>SOLDE CADRE V</i>				<b>+888,3</b>		<b>+878,6</b>
<b>TOTAL GENERAL</b>	<b>5.644,6</b>	<b>- 187,8</b>	<b>5.456,8</b>	<b>5.644,6</b>	<b>- 187,8</b>	<b>5.456,8</b>

**III DISPOSITIONS SPECIALES**

**ARTICLE 15**

Sont ratifiés les décrets de mouvements des crédits de fonctionnement et d'investissement pris au cours de l'exercice budgétaire 2008, en application de l'article 19 de la Loi Organique n°2004-007 du 26 juillet 2004 sur les lois de finances.

**ARTICLE 16**

La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Antananarivo, le 04 juillet 2008,

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,  
SENAT,

LE PRESIDENT DU

Jacques SYLLA

RANDRIASANDRATRINIONY Yvan

**VOLAVOLAN-DALANA FAHA-017/2008**



**MOMBA NY LALANA FANITSIANA NY  
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA HO  
AMIN'NY TAONA 2008**

**REOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana



**ANTENIMIERAMPIRENENA**

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA - 017/2008 TAMIN'NY 18 JONA 2008**  
**MOMBA NY LALANA FANITSIANA NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA**  
**AMIN'NY TAONA 2008**



Nolanian' ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha-02 jolay 2008, izao Volavolan-dalàna manaraka izao :

**I FEPETRA MIKASIKA NY HETRA**

Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ity lalàna ity fa ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy faditseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2008, dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery.

**ANDININY VOALOHANY**

**Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra ao amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny Hetra:**

**BOKY I**  
**HETRAM-PANJAKANA**  
**FIZARANA I**  
**HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY TOA AZY**  
**LOHATENY I**  
**HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA**  
**ZANADOHATENY I**  
**HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA**  
**TOKO II**  
**SEHATRA FAMPIHARANA**  
**SOKAJY II**  
**VOLA MIDITRA TSY VOAN'NY HETRA**

**Andininy 01.01.03**

Ampiana 11° mirafitra toy izao manaraka izao amin'ny faran'ity andininy ity :  
"11° ny anjara zana-bolan'ireo olon-tsotra"

## **TOKO IV FOTOTRA AMERANA NY HETRA**

### **Andininy 01.01.09**

Ampiana andalana iray farany mirafitra toy izao manaraka izao amin'ny faran'ity andininy ity :  
"amin'ny famerana ny vola miditra tsy afakaratsaka ho an'ireo mpamokatra na mpikambana mpitantana manana anjara petra-bola be indrindra, ny tombotsoa tsy raisiny lelavola dia tombanana araka ny fepetry ny andininy 01.03.08"

### **Andininy 01.01.10**

a) Ovàna toy izao ny rijan-teny ao amin'ny andalana faharoa amin'ny 1° amin'io andininy io :

« Tsy azo ekena ny fanesorana:

-Ny karama na ampahan'ny karama izay tsy nanaovana filazana ara-dalàna tany amin'ny CnaPS sy/na sampan-draharaha,

mitovy aminy, ary tsy nandoavana hetra alaina amin'ny vola niditra an'olon-tsotra raha toa ka tsy anisan'ireo afahana amin'ny hetra.

-Ny karama, fandraisam-bola, karama avy amin'ny saikin'asa, amin'ny ankapobeny, na inona na inona endriny na iantsoana azy, izay azon'ny mpanantanteraka manoka na ny vadiny.

-Ny tambim-pisotroan-dronono mihoatra ny karama herintaona isaky ny mpikarama efa misotro ronono"

b) Amin'ny andalana faran'ny 12° amin'ity andininy ity dia foanana ny teny "kanefa" ary soloy ny vondron-teny "Ivon-toeram-pitantanana" ho "Ivon-toeram-pitantanana nahazo fankatoavana"

## **TOKO VI FOMBA FAMERANA NY HETRA**

### **Andininy 01.01.13**

a) Ampiana ny vondron-teny "na amin'ny fanombanana mivantana" amin'ny faran'ny fepetry ny andalana farany amin'ny I-

b) Ampiana III- mirafitra toy izao :

"III-Raha toa ka, ho an'ny mpandoa hetra, ny vola miditra vokatry ny asa na loharanom-tombony fantatry ny Fanjakana ka latsaky ny vola amparitra voakajy arak'ireo fananana hita ivelany izay itsarana ny fombafomba fiainany voalaza etsy ambony, ny mpametra ny hetra dia manana alalana afaka mikajy ny hetrany amin'ireo fananana hita ivelany araka ny rafi-marika manaraka eto :

1° Trano fonenana raikitra ny mpandoa hetra sy (na) ny trano fonenana tsy tena raikitra: ny vola miditra am-paritra raisina dia mira avo roa enin'ny hofan'ny trano voalaza na ny ankevi-kofa voakajy araka ny fepetry ny andininy 10.02.06 amin'ity Fehezan-dalàna ity raha toa ka ny mpandoa hetra no tompon'ilay trano.

2° Fanorenana trano: ny vola miditra am-paritra raisina dia ny antsasaky ny vola nampiasana tamin'ny fanorenana-trano, nahatratra mitovy ho amin'ny dimy taona farany ary hanesorana ny vola izay efa fanta-pihaviana indrindra ireo efa niharan'ny hetra tamin'ny vanim-potoana nanaovana izany.

3° Fividianana fanaka mifaka, ny tokontanim-barotra sy ny toa azy, ny fiarakodia, ny fiaramanidina sy ny sambo fitsangatsanganana: ny vola miditra am-paritra raisina dia ny vidin'ny fananana voalahatra mitovy amin'ny dimy taona farany ary hanesorana ny vola izay fantam-pihaviana izay efa niharan'ny hetra tao anatin'ny fotoana mazava;

4° Mpiasa an-trano : ny vola miditra amparitra raisina dia mira amin'ny karama herin-taona tena voarotsaka izay tsy tokony ho latsaky ny karama farany ambany iraisan'ny mpiasa rehetra mifandraika amin'ny fahaizamanaony na ireo mpiasa an-trano raikitra, dia tataovana ireo fandanianana mikasika ny karamany;

5° Fandehanana mankany ivelany ka ny fandanianana amin'izany dia iantsorohan'ny mpandoa hetra ihany: ny vola miditra am-paritra raisina dia ny lany tamin'ny fandehanana, tataovana ny vola vahiny lany

tamin'izany avadika amin'ny vola malagasy;

6° Famindrana vola vahiny mankany ivelany : ny vola am-paritra dia mira amin'ny sandan'ny vola vahiny nalefa amin'ny vola malagasy tao anatin'ny taona.

Ny vola am-paritra voakajy araka ny fepetry voalazan'ity andininy ity dia tataovana ireo nanaovan'ny mpadoa hetra filazana raha toa ka samihafa ny loharano nahazoana ny vola nahafahana nikajy ny vola am-paritra ».

**TOKO VII  
FIKAJIANA NY HETRA**

**Andininy 01.01.14**

a) Soloina ao amin'ny andalana faharoan'ny I amin'ity andininy ity ny vondron-teny « ho eo amin'ny zato ariary farany ambanin'ny tarehi-marika » ho « ho eo amin'ny arivo ariary farany ambanin'ny tarehi-marika ».

b) Soloina ao amin'ny andalana faran'ny I amin'ity andininy ity ny vondron-teny "Ivon-toerana" ho "Ivon-toeram-pitantanana nahazo fankatoavana"

**TOKO X  
ANDRAIKITRY NY MPADAO HETRA**

**Andininy 01.01.17**

Foanana ao amin'ny 3° amin'ity andininy ity ny vondron-teny "Ny hetra tokony aloa amin'izany dia tataovana 25 isan-jato"

**Andininy 01.01.21**

a) Foanana ny tsipika fahatelon'ny andalana voalohany amin'io andininy io.

b) Foanana ao amin'ny andalana faharoa amin'ity andininy ity ny vondron-teny "afaka tsy manome ireo antontan-taratasy ara-kaonty voatondron'ny andininy 01.01.19 sy 01.01.20 fa"

**ZANADOHATENY II  
SARA SY HETRA MIVANTANA ALAINA AMIN'NY SOLIKA  
TOKO II  
HETRA MIVANTANA AMIN'NY SOLIKA**

**Andininy 01.01.39**

Ovàna toy izao manaraka izao ny vondron-teny eo amin'ny andalana faran'ity andininy ity « ho eo amin'ny an-jatony Ariary ambanin'ny tarehi-marika » ho « ho eo an'arivo Ariary ambanin'ny tarehi-marika ».

**LOHATENY II  
HETRA TAMBATRA  
TOKO III  
FOTOTRA AMERANA NY HETRA  
SOKAJY I  
FOTOTRA AKANA NY HETRA**

**Andininy 01.02.04**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny andalana voalohany amin'ity andininy ity :

"Ny fototra akana ny hetra tambatra dia avy amin'ny vola maty na vola miditra na azon'ny mpandao hetra nandritra ny taom-piasana mifarana ny 31/12 ny taona teo aloha.

Ho an'ireo mpitrandraka na ny fikambanan'ireo mpitantana manana anjara petra-bola be indrindra, ireo tombotsoa tsy raisiny lelavola dia tomanana araka ny fepetra voalazan'ny andininy 01.03.08, izay tafiditra ao anatin'ny fototra akana hetra"

b) Ovàna ny vondron-teny eo amin'ny andalana farany amin'ity andininy ity "Ivon-toeram-pitantanana" ho "Ivon-toeram-pitantanana nahazo fankatoavana".

#### **TOKO IV FAMORIAN-KETRA**

##### **Andininy 01.02.06**

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitr'ity andininy ity:

"Ny hetra tambatra dia kajian'ny mpandoa hetra izy tenany ihany ary tsy hanaovany filazana sy haloany ao amin'ny sampan-draharaham-paritry ny hetra mahefa alohan'ny 31 martsa isan-taona.

Ho an'ireo mpadoa hetra vaovao, ny vola fandoa mialoha izay nokajiana araka ny fananana nanaovana filazana na izay voaray sy voaisa teny an-toerana dia tsy maintsy takiana alohan'ny fanombohan'ny asa.

Noho izany dia hisy ny fijerena ny fitaovana enti-mamokatra, ny toerana iasana, ny entana novidiana, ny isan'ny mpiasa, ny halehiben'ny tany trandrahana ary koa ireo singa rehetra miditra rehetra mety hanombanana ny haben'ny asa atao.

Ireo mpadoa hetra mikasa hanohy ny asany dia tokony hanao filazàna ny vola maty, ny vola miditra tsy afa-karatsaka na azo sy handoavana ny hetra mifanaraka amin'izany aloha'ny daty voatondron'ny andalana voalohany.

Amin'ny fotoana hikajiana ny hetra tokony aloa, ny vola fandoa mialoha voaefa dia azo esorina. Kanefa kosa, raha toa ny hetra tokony haloa latsaky ny vola fandoa mialoha, ity farany dia raisina ho toy ny hetra fandoa farafahakeliny.

Aoriana ny fandoavana ny hetra aloha mialoha na ny hetra arakaraka ny zava-misy dia misy karatra homena an'ireo mpandoa hetra mba hanamarinana ny fanarahany lalàna momba ny hetra tambatra."

#### **LOHATENY III HETRA AMIN'NY KARAMA SY NY TOA AZY (IRSA) TOKO II SEHATRA HAMPIHARANA SOKAJY II VOLA AFAHANA AMIN'NY HETRA**

##### **Andininy 01.03.03**

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny 7° amin' ity andiny ity:

« Ny tambin-karama fisotroan-dronono tsy mihoatra ny karama herin-taona. »

#### **TOKO IV FOTOTRA AMERANA NY HETRA**

##### **Andininy 01.03.08**

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny tsipika voalohany amin'ity andininy ity :

« - Ho an'ny fiarakodian'ny orinasa ampiasain'ny mpiasa iray, izay ampiasainy amin'ny asan'ny orinasa sy amin'ny filany manokana, ny tombotsoa tsy raisina lelavo la dia tomanana 30 isan-jaton'ny totalin'ny lanin'ny orinasa tamin'ny fiantohana, fanavotam-bidy, ny solika, ny kojakoja sy fanamboarana ny fiara isam-bolana na isa-telovolana ».

#### **TOKO V FOMBA FAMERANA NY HETRA FITAZONAN-KETRA IFOTONY**

##### **Andininy 01.03.10**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika faharoa amin'ity andininy ity :

« - raha toa ka ao anatin'ny volana iray, mandray vola ambonin'ny tokony ho raisiny isam-bolana ny mpikarama iray, na inona na inona iantsoana azy, dia azo handoavana hetra mitokana amin'ny alalan'ny fangatahana atao amin'ny sampandraharaha mitantana ny antotan-taratasy ara-ketra izany. »

##### **Andininy 01.03.12**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana faha-2 amin'ity andininy ity :

« Kanefa, ny fikambanana antokon-draharaha mpandoa vola dia nomena alalana hanambatra ny

fandrotsaham-bola ho isan'enim-bolana raha toa izy ka ao anatin'ny fomba famerana ny hetra tambatra na ny famerana notsorina izay tsy nisafidy ho ao anatin'ny sehatry ny TVA ».

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny andininy faha 3 amin'ity andininy ity :  
« lo fandrotsaham-bola io dia tokony tanterahina ao anatin'ny dimy aminifolo andro voalohany amin'ny volana manaraka ny fahataperan'ny fahenim-bolana heverina ».

#### **TOKO VI FAMERAN-KETRA**

##### **Andininy 01.03.16: A- Haba iombonana**

a)Ovàna toy izao manaraka izao ny vondron-teny eo amin'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity « ho eo amin'ny an-jatony Ariary ambanin'ny tarehi-marika» ho « ho eo amin'ny an'arivo Ariary ambanin'ny tarehi-marika » .

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetry'ny andalana faha-2 amin'ny A amin'ity andininy ity :  
« Ny tontalin'ny hetra raikitra voalazan'ny rafi-marika eo ambony dia mampihena ny fandoavana isaky ny ampahan'ny vola miditra itakiana ny hetra ».

#### **TOKO VIII FAMPIHENAN-KETRA NOHO IREO OLONA IANTOHANA**

##### **Andininy 01.03.19**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny ao amin'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity :  
« Ny mpandoa hetra izay iharan'ny hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy, izay manana vola miditra itakiana hetra mihoatra ny Ar.180.000 dia mahazo fampihenana-ketra Ar 200 isan'olona sy isam-bolana ».

##### **Andininy 01.03.20**

Foanana ny fepetra amin'io andininy io.

#### **LOHATENY IV HETRA ALAINA AMIN'NY FITOMBOAN-KARENA AVY AMIN'NY FANANANA MITERA-BOLA (IRCM) A- VOLA MIDITRA ITAKIANA HETRA**

##### **Andininy 01 04 02**

Ampiana vondron-teny "na amin'ny olona rehetra izay manana asam-pitantanana na inona na inona iantsoana azy" eo amin'ny faran'ny 3° amin'ity andininy ity.

#### **B-FIKAJIANA NY HETRA**

##### **Andininy 01 04 04**

Soloina ny ao amin'ny andalana 1° amin'ity andininy ity ny vondron-teny « ho eo amin'ny an-jatony Ariary ambanin'ny tarehi-marika » ho « ho eo amin'ny an'arivo Ariary ambanin'ny tarehi-marika ».

#### **C- FOMBA FAMORIAN-KETRA IV - Fomba fandoavan-ketra**

##### **Andininy 01.04.09 Andalana 1**

Soloina ny vondron-teny " 15 May amin'ny fitambarany" ho " 15 May ny taona manaraka amin'ny fitambarany "15 Novambra amin'ny fitambarany " ho "ny 15 Novambra amin'ny taona itsahina amin'ny fitambarany".

#### **SORA V HETRA ALAINA AMIN'NY TOMBOM-BAROTRA (IPVI)**

##### **Andininy 01.05.04**

Soloina ny vondron-teny" Ireo andininy 01.01.05" ho " ireo andininy 01.05.05".

##### **Andininy 01.05.06 1°**

Soloina ny vondron-teny " andininy 02 09 04- 4 " ho" andininy 01 05 05 -4°"

**FIZARANA FAHAROA  
SARAM-PANORATANA  
TOKO I  
SEHATRA AMPIHARANA AZY SY FEPETRA ANKAPOBENY  
Soram-panekena an'ny-fanjakana , tena izy,voamarina ary nataon'olon-tsoatra tsy natrehan'ny  
solontenam-panjakana**

**Andininy 02.01.11 III 7°**

Foanana ny vondron-teny “ Ary koa ireo taratasy rehetra mikasika ny sosaiety sy ny soratra misy ny fanapahan-kevitra ny fivoriamben'ny tompon'antoka, sy ny mpikambana ny filan-kevim-pitantanan'ny sosaiety na fitantanana”.

**Fifanarahana am-bava**

**Andininy 02.01.14**

Ampiana andalana fahatelo eo amin'ny faran'ity andininy ity izay mirafitra toy izao:  
“Kanefa, ny famindrana fizakàna ny fanaka manaraka sy /na fanaka mifaka ho an'ny Tranombarotra dia tsy maintsy hanaovana fifanekena an-tsoatra”.

**TOKO II  
SANDA SY FIKAOTIANA NY HETRA  
SOKAJY IV  
FAMINDRAN-TOMPO MISY SETRINY  
SORA-PANEKENA SY FAMINDRAN-TOMPO VOAN'NY HETRA  
Fivarotana sy sora-panekena hafa mamindra fananana misy setriny amin'ny fanaka sy  
fananana manaraka**

**Andininy 02.02.42**

Ampiana 4° tsipika mirafitra “Santionan'ny fitaovana momban'ny fanjonoana” ny eo amin'ny andalana faha 3

**TOKO IV**

**IREO ANDRAIKITRA TSY MAINTSY HATAON'NY MPISOLOVAVA, NOTERA, VADINTANY,  
MPIRAKI-DRAHARAH-PITSARANA, MPITAN-TSORATRA, MPITSARA, ARIBITIRA,  
ADIMINISITIRATERA SY MANAMBONINAHITRA Hafa NA MPIRAKI-TSORA-MPANJAKANA NA IREO  
MPANDOA HETRA SY NY MPANDRAY VOLA**

**TARATASY VOARAKITRA**

**Andininy 02.04.04**

Soloina ny teny hoe “ mpania “ ho“ mpandoa hetra”

**TOKO V  
NY HABAN'NY HAJIA SY NY MITOVY AMINY  
SOKAJY I  
FEPETRA ANKAPOBENY**

**Andininy 02.05.01**

Foanana ny rijan-teny “na mikasika ny vokatry ny fanjakana” ao amin'ny andalana voalohany ao amin'io andininy io.

**Andininy 02.05.02**

Foanana ireo fepetra voalaza amin'ity andininy ity.

**Fomba fangalana**

**Andininy 02.05.03**

Foanana ireo fepetra voalaza amin'ity andininy ity.

**Fahalaniana paik'andro sy fandràna samihafa**

**Andininy 02.05.04**

Foanana ireo fepetra voalaza amin'ity andininy ity.

**Andininy 02.05.05**

Foanana ireo fepetra voalaza amin'ity andininy ity.

**SOKAJY II**

**FILAZANA NY SANDAN' NY HABA**

**Andininy 02.05.05**

Ampiana teny hoe « lelavola » eo amin'ny faran'ity andininy ity .

**SOKAJY III**

**HABA AMIN'NY FANOMEZANA ANTONTAN-TARATASY  
SY FANDRAISAN-KETRA SAMIHAF**

**A - Hajiam-pasipaoro**

**Andininy 02.05.06**

Ov`ana ny rijan-teny amin'ny andalana 1° amin'ity andininy manaraka ity :

« Isaky ny fanamarinana ny pasipaoron'ny vahiny ary koa ny olona tsy fantatra zom-pirenena dia ampiarina ny sarany voalaza manaraka amin'ny Ariary :

-

Fahazoan-  
dalana  
hipetraka  
latsaka na  
mira 72  
ora ho  
an'ny

mpizahan-  
tany  
mandeha  
sambo...A  
r 50.000

-

Fahazoan-  
dalana  
hipetraka  
latsaka na  
mira 3  
volana ao  
anatin'iza  
ny ny  
fandalova  
na.....

... Ar  
140.000

-

Fahazoan-  
dalana  
hipetraka  
mihoatra  
ny 3  
volana ka  
hatramin'n  
y 3  
taona.....

.....  
.....Ar  
150.000

-

Fahazoan-  
dalana  
hipetraka



mihoatra  
ny 3  
taona ka  
hatramin'n  
y 5  
taona.....  
.....  
.....Ar  
200.000  
Fahazoan-  
dalana  
hipetraka  
mihoatra  
ny 5  
taona sy  
hipetraka  
tanteraka  
.....  
.....  
.....Ar  
250.000  
Fahazoan-  
dalana  
hivoaka  
tanteraka  
.....  
.....  
.....  
.....  
.....  
.....Ar  
80.000  
Fanalavam-  
potoana  
hipetrahana  
.....  
.....  
.....  
.....  
.....Ar  
80.000»

**TOKO VIII**  
**FANAFAHANA ARA-KETRA SY LALANA MANOKANA**  
**SOKAJY III**  
**RAHARAHA ARA-TOEKARENA**  
**Taratasimbola- Fanandoavam-bola amin'ny taratasim-bola**

**Andininy 02.08.14**

Foanana ireo fepetra amin'ity andininy ity.

**FIZARANA FAHATELO**  
**HETRA TSY MIVANTANA**  
**LOHATENY I**  
**HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA (DA)**  
**TOKO III**  
**FOMBA FAMERANA NY HETRA**

**Andininy 03.01.04**

Foanana ny vondron-teny "hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniahana tsy ao anatin'ny" ao amin'ny **b)**

Ovàna toy izao manaraka izao ny filazana nyToko IV :

**TOKO IV**  
**FEPETRA MIFEHY NY FIOTAZANA SY NY FANAMBOARANA ARY NY FIVIDIANANA ETO AN-TOERANA SY NY FANAFARANA IREO VOKATRA IHARAN'NY HETRA TSY MIVANTANA AMIN'NY FANDANIANA**

Ovàna toy izao manaraka izao ny filazana Sokajy I toy izao.:

**SOKAJY I**  
**FANOMEZAN-DALANA AMIN'NY FANAMBOARANA NA FIOTAZANA SY FIVIDIANANA ETO AN-TOERANA SY FANAFARANA AVY ANY IVELANY**

**Andininy 03.01.06**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity.:

"Tsy misy afaka mioty na manamboatra na mividy eto an-toerana na manafàra avy any ivelany ireo vokatra iharan'ny hetra tsy mivantana amin'ny fandaniahana raha tsy manao fanambarana eo anatrehan'ny Foibem-paritra mahefasy tsy nahazo mialoha ny fahazoan-dalana avy amin'ny Minisitry misahana ny Didy amam-pitsipika mifehy ny hetra, na ny Tale Jeneraly ny Hetra izay afaka mamindra ny fahefany.

Ho an'ireo mpioty na mpanamboatra, ny fahazoan-dalana dia omena araka ny fanapahana voasoratra mamaritra ny tolotr'asa sy ny andro ary ny ora fiasan'ny orinasa.

Ho an'ny fividianana eto an-toerana na fanafarana avy any ivelany alikaola, ny vokatra avy amin'ny alikaola ary ny paraky voahodina, ny fahazahoan-dalana dia voafaritra arakarakin'ny zava-misy, ny famantarana ny vokatra sy ny fatrany nohafarana avy any ivelany araky ny venty nekena. Ny Sampan-draharaha ny fadi-tseranana ao an-toerana no handoavana ny haba-tseranana raha toa ka hafarana avy any ivelany ireo. Ny fepetra hanomezana ny fahazoan-dalana dia feran'ny rijan-teny momba ny didy aman-tsipika ".

**Andininy 03.01.08**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity.:

"Ny fanomezan-dalana voafaritra ao amin'ny andininy 03.01.06 eo ambony dia omena azy manokana isan-taona, ary tsy azo afindra".

**LOHATENY II  
HABA SY HETRA SAMIHAFI  
TOKO I  
HETRA MANOKANA ALAINA AMIN'NY ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA,  
PARAKY VOAHODINA ARY NY LALAO MIANKINA AMIN'NY KISENDRASENDRA  
SOKAJY V  
FEPETRA SAMIHAFI**

**Andininy 03.02.05**

Ovàna ny vondrom-teny hoe « andininy 03.01.114 ka hatramin'ny 03.01.119 » ho « andininy 20.01.61 sy 20.01.03 ka hatramin'ny 20.01.66 »

Ovàna toy izao manaraka izao ny filazana ny toko II :

**TOKO II  
FAKANA MIALOHA AMIN'NY VOKATRA VITA AMIN'NY ALIKAOLA SY MISY ALIKAOLA  
SOKAJY I  
FEPETRA ANKAPOBENY**

**Andininy 03.02.06**

a) ovàna eo amin'ny andalan-teny 1 an'io andininy io ny teny« labiera » amin'ny hoe « zava-pisotro misy alikaola sy vita amin'ny alikaola »

**SOKAJY II  
SANDA NY FAKANA MIALOHA**

**Andininy 03.02.07**

a) Soloina eo amin'ny andalana 1 amin'ity andininy ity ny teny« labiera » ho « zava-pisotro misy alikaola sy vita amin'ny alikaola » sy ny vondrom-teny « iray Ariary » ho « roa Ariary »

b) Soloina eo amin'ny andalana 2 ao amin'ity andininy ity «labiera » ho « ireo zava-pisotro misy alikaola sy vita amin'ny alikaola ».

**SOKAJY IV  
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HABA**

**Andininy 03.02.09**

Soloina ny vondrom-teny « labiera » ho « ireo zava-pisotro misy alikaola sy vita amin'ny alikaola ».

**TOKO III  
FAKANA MIALOHA AMIN'NY VOKATRA AZO AMIN'NY KILALAO**

**Andininy 03.02.10**

Ampiana aorian'ny teny hoe « toetra » amin'ny vondrom-teny ho « tsy anavahana, na kilalaon-tsaina na kilalao miankina amin'ny kisendrasendra »

**FIZARANA VI  
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY (TVA)  
TOKO FAHA II  
SEHATRA FAMPIHARANA  
SOKAJY II  
OLONA SY ORINASA IHARAN'NY HABA**

**Andininy 06.01.04**

a) Amin'ny andalana 2 amin'ity andininy ity, soloina ny vondrom-teny « Kanefa, ho an'ireo olona » ho « Kanefa, ireo olona ».

b) Eo amin'ny faran'ity andininy ity, ampiana andalana iray mirafitra toy izao :  
« Ny safisy dia ekena aharitra mandritra ny telo (3) taona izay azo havoazina amin'ny alalan'ny fangatahana alefa any amin'ny lehiben'ny foibe ara-ketra isam-paritra mahefa. Ny fanjakana dia afaka miverina amin'ny fahazoan-dalana nomeny».

**SOKAJY III  
VOKATRA SY RAHARAHY TSY VOAN'NY HABA**

**Andininy 06.01.06**

a) Amin'ny andalana faharoa amin'ny 13°, esorina ny vondron-teny " sy ny akotry."

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana faharoa amin'ny 17° amin'ity andininy ity:  
" Ireo entana voalaza ao amin'ny 8°, 9°, 10°, 11°, 12°, 13°, 14°, 17°, 20° sy 21° dia atao anaty lisitra amin'ny tovana »

d) Soloina ao amin'ny a- an'ny 19° amin'ity andininy ity ny vondron-teny « ivon-toeram-pitantanana » ho « ivon-toeram-pitantanana nahazo fankatoavana »

e) Ao aorian'ny 19° an'io andininy io ampiana 20° sy 21° mirafitra toy izao:  
« 20° Ny fanafarana avy any ivelany sy fivarotana solika fandrehatra ; »

"21° Ny fanafarana avy any ivelany sy fivarotana vary sy akotry".

**TOKO IX  
FOMBA FANESORAN-KABA**

**Andininy 06.01.20**

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitr'io andininy io :  
« Raha toa ka hiala amin'ny maha-mpandoa haba amin'ny tataom-bidy, dia tsy maintsy mandrotsaka fanampi-ketra momba izany mikasika ireo fananana sisa eo am-pelatanan' ireo orinasa, sy/na koa ny hetra momba izany mifanandrify amin'ny vidin'ny farany amin'ireo fananana azo tsapain-tanana ka efa nanaovana fanalan-ketra tanteraka tamin'ny dingana voalohany. »

**TOKO X  
FAMERENAN-TROSAN-KABA**

**Andininy 06.01.24**

a)Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny andalana faharoa amin'io andininy io :"  
« Ny sora-bola azo averina dia ferana arakaraky ny tatitra misy eo amin'ny sora-bola isan-taona ny vola maty amin'ny fanondranana ary ny sora-bola rehetra amin'ny vola maty voan'ny hetra tamin'ny taona lasa.

Io tatitra io no mandrafitra ny fifandanjana amin'ny famerenana vonjimaika ny haba ka izany famerana izany dia ahitsy tanteraka alohan'ny 20 Main'ny taona manaraka rehafa fantatra tanteraka ny vola maty ny taona nitsahana nanaovana ny fikajiana ny tatitra ka ny fanitsiana ny tatitra izany dia hatao manaraka an'io vola maty tena izy io .

b)Ovàna toy izao manaraka izao ny vondron-teny ao amin'ny andalana 5° sy 6°amin'io andininy io :  
« 06.01.29 » ho « 20.01.54 » sy ny « 30 andro » ho « 60 andro ».

c)Ampiana andalana iray mirafitra toy izao eo amin'ny faran'ity andininy ity :  
« Ny fahatarana eo amin'ny famerenana trosan-kaba amin'ny vola maty, noho ny antony miankina amin'ny fanjakana dia mitarika ny fandoavana zana-bola 1 isan-jato isam-bolana kajiana avy amin'ny sandan'ny sora-bola tokony averina ».

Foanana ny TOKO XIII « I - SAZY MANOKANA »

**Andininy 06.01.30**

Foanana ny fepetran'io andininy io

**Andininy 06.01.31**

Foanana ny fepetran'io andininy io

Foanana ireo fepetran'ny **TOVANA I**

Ovàna ny vondron-teny « Tovana 2 » ho « Tovana »



**TOVANA**  
**LISITRY IREO VOKATRA TSY VOAN'NY-HABA (TVA)**

a) Esorina ao amin'ny lisitra tovana, amin'ny andininy 06.01.06:13°

«  
10.06                      Vary  
    10.00                  -vary akotry »

b) Ampidirina ao amin'ny lisitra tovana:

**Andininy 06.01.06 :20°**

**LAHARAM-  
PAMANTARANA**

**FAMARITANA IREO KARAZAM-BOKATRA**

27.10      19.21    - - - -Solika fandrehitra.

**Andininy 06.01.06 :21°**

**LAHARAM-  
PAMANTARANA**

**FAMARITANA IREO KARAZAM-BOKATRA**

10.06                      Vary  
10.06      10.00    - vary akotry  
10.06      20.00    - vary voatoto  
10.06      30        - vary somary fotsy na fotsy  
10.06      30.10    --- vary madio karazana RL 1 sy RL 2  
10.06      30.90    --- hafa  
10.06      40.00    - vary torotoro

**BOKY II**  
**HETRAM-BONDROM-BAHOAKA**  
**LOHATENY VI**  
**HETRA AVY AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA MIKASIKA NY ALIKAOLA**  
**SY NY ENTANA/VOKATRA MISY ALIKAOLA**  
**TOKO I**  
**FEPETRA ANKAPOBENY**

**Andininy 10.06.07**

Foanana ny fepetra voalazan'ity andininy ity.

Ampiana vondron-teny « TOKO II » eo alohan'ny voalaza hoe FOMBA FAMERANA NY HETRA

**TOKO II**  
**FAMERANA NY HETRA**  
**FAMERANA NY FIVAROTANA ALIKAOLA SY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA**  
**SOKAJY II**  
**VAROTRA ZAVA PISOTRO MISY ALIKAOLA**  
**II- Alàlana**

**Andininy 10.06.23 Andalana 1**

Foanana vondron-teny "manao izany, misolo-tena ny Filohan'ny Komity Mpanatanteraky ny FARITANY taloha "

**VII- Fandraràna**

**Andininy 10.06.47**

Ovàna toy izao ny vondron-teny « andininy 10.06.83 sy 10.06.84 » ho « 20.01.60 sy 20.01.78 »

Soloina ao anatin'ny voalazan'ny LOHANTENY VII, ny vondron-teny «FITSIPIKA ARA-KETRA HO AN'NY KILALAO » ho « HABA ISAN-TAONA ALOA AMIN'NY MILINA FILOKANA MANDEHA HO AZY »

**LOHANTENY VII  
HABA ISAN-TAONA AMIN'NY MILINA FILOKANA MANDEHA HO AZY**

**BOKY III  
FEPETRA IRAISANAN'NY HETRA, SARA SY HABA VOARAKITRA AO AMIN'NY BOKY I SY II AMIN'ITY  
FEHEZAN-DALANA ITY  
LOHANTENY I  
FAMORIANA NY HETRA  
TOKO I  
FAMORIAN-KETRA ATAON'NY SAMPANDRAHARAHAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA  
SOKAJY III  
TOMBON'ANTOKY NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA**

**Andininy 20.01.07**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny ao amin'ity andininy ity :

« Ny tombon'antoky ny tahirimbolam-panjakana araka ny hetra mivantana sy ireo haba mitovy aminy dia ampiharina alohan'ny rehetra, ao anatin'ny roa taona, isaina, amin'ny tranga rehetra isan-karazana, manomboka ny vaninandro amoahana ny sora-pamerana, ho an'ireo fanaka sy fananana-manaraka izay an'ny mpadoa hetra, arakaraka ny toerana misy azy ».

**SOKAJY V  
TATAON-KETRA NOHO NY FAHADISOAM-POTOANA**

**Andininy 20.01.21**

Foanana ny fepetra voalazan'ity andininy ity

**Andininy 20.01.22**

Foanana ny fepetra voalazan'ity andininy ity

**SOKAJY IX  
FANERENA SY FAMAIZANA**

**Andininy 20.01.34**

Foanana ny fepetra voalazan'ity andininy ity

**SOKAJY XI  
IREO FAMAIZANA ARA-PANJAKANA**

**Andininy 20.01.39**

Foanana ny fepetra voalazan'ity andininy ity

**TOKO II  
FAMORIAN-KETRA ATAON'NY SAMPANDRAHARAHA MIANDRAIKITRA NY HETRA  
SOKAJY I  
FOTO-KEVITRA**

**Andininy 20.01.40**

a) Ovàna toy izao ny fepetra voalaza ny an-dàlana voalohany amin'io andininy io :

« Raha tsy hoe misy ny fepetra manokana voalazan'ity fehezan-dalàna ity, ireo hetra, haba sy sara na totalim-bola tokony aloa eto amin'ny tany sy ny fanjakana ka ny mpiasan'ny hetra no miandraikitra ny fandraisana azy, dia laizana sy aloa, araka ny làlana manan-kery, amin'ny nahim-pon'ny mpadoa hetra, ao amin'ny foibe ara-ketra miandraikitra ny antontan-taratasiny. »

b) Ovàna toy izao ny fepetra voalaza ny an-dàlana fahatelo amin'io andininy io :

« Ny famorian-ketra, haba sara na totalim-bola tokony aloa dia iantsorohan'ny mpiasan'ny hetra nomena andraikitra handray ny vola (receveur) na ny Sampan-draharahan'ny foiben'ny famorian-ketra arahina fanerena. Io farany io no tsy maintsy mandrotsaka ny vola voangona any amin'ireo Foibe ara-ketra mpiandraikitra ny antonta taratasin'y ny mpadoa hetra. »

c) Amin'ny faran'io andininy io, dia ampiana an-dàlana efatra izay mirafitra toy izao :

« Foronina ny fandoavam-bola tsy maintsy atao amin'ny alalan'ny famindram-bola amin'ny kaontin'ny tahirim-bolam-panjakana izay misokatra ao amin'ny bokin'ny Banky Foiben'i Madagasikara, manomboka amin'ny fetra voafaritra ny fanapahana avoakan'ny Ministera miandraikitra ny didy amam-pitsipika

momba ny hetra.

Ireo fepetra fampiharana ho an'ireo mpandoa hetra nahazo alalana hanatanteraka io fomba fandoavam-bola io dia feran'ny fanapahan'ny Ministera miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra.

**“Ho an'ireo mpandoa hetra voalaza ao amin'ny andalana teo aloha, dia afaka amin'ny alalan'ny fanomezan-dalana avy amin'ny Tale Jeneralin'ny Hetra, mandoa ny hetra sy ny haba isaky ny vanim-potoana amin'ny alalan'ny famindram-bola tsotra isam-bolana kajiana avy amin'ireo filazana natao tamin'ny taona lasa. Ny fanarenana miohatra amin'ny sora-bola marina tokony ho naloa nandritra ny taona nanaovana ny fameran-ketra dia tsy maintsy atao ao anatin'ny roa volana voalohany amin'ny taona manaraka ho an'ireo Hetra hafa ankoatry ny hetra mikasika ny vola miditra.”**

**« Ho an'ny mpandoa hetra nahazo alalana avy amin'ny Minisitera miandrainkitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra amin'ny fanaovana filazana ampitain-davitra, ny taratasy vita printy alefa any amin'ny Sampandraharan'ny hetra dia tsy maintsy ahitana ny laharan'ny antontan-taratasy na ny mari-pamantarana avoakan'ny rafitra informatika (SIGTAS) ary omena fanamarinam-pandraisana isaky ny mandefa izy mba ho porofo mazava. »**

### **SOKAJY III SORA-PAMERANA**

#### **Andininy 20.01.43**

Ovànà toy izao ny fepetra voalazan'io andininy io :

« Ireo fananam-bola amin'ny hafa voamarika araka ny andininy 20.01.40 dia anaovana sora-pamerana mitokana na itambarana, hatramin'ny vaninandro tsy maintsy itakiana azy ataon'ny mpiasa nahazo alalana handray ny vola (receveur), voamarina sy azo ampiharina araka ny fanamarinan'ny Tale miadidy ny Fifanolanana, na amin'izay tompon'andraikitra hafa nomeny fahefana hanao izany. »

Ny sora-pamerana dia ampahafantarina :

- na amin'ny alalan'ny mpiasan'ny sampandraharan'ny hetra ;
- na araky ny lalana mifehy ny fampahafantarana ny taratasy momba ny raharaham-pitsarana,
- na amin'ny alalan'ny taratasy tsy very mandeha miaraka amin'ny fanamarinam-pandraisana.

Ny taratasy fampahafantarana dia midika antso fampitandremana. Ao anatin'ny dia ahitana filazana ny tsy maintsy handoavana tsy misy fepetra ny tontalim-bola izay voalaza ao anatin'io sora-pamerana io. Izany totalim-bola izany dia azo takiana avy hatrany. Ny fampahafantarana ny sora-pamerana dia manapaka ny fahalaniana paik'andro mahavao ny fanjakana ka mampivadika izany ho fahalaniana paik'andro araky ny lalàna mifehy ankapobem-bahoaka.

**Ny sora-pamerana rehetra dia tsy heverina ho fampahafantarana ny fitakiana ny hetra rehetra sy ny haba mitovy toetra aminy, izay tonga ny fe-potoana fa tsy ny vola tokony takiana voasoratra ao ihany, na koa ireo izay tsy maintsy ho takiana alohan'ny hahafa-trosa ilay mapndoa hetra.**

**Ny sora-pamerana izay natao tamin'ny fomba ara-dalana, voasonia ary nanaovana fampahafantarana dia mitana ny maha ara-dalàna azy hatrany raha toa ka tsy mbola nanaovana fanafoanan-ketra na nofoanana tamin'ny alalan'ny didim-pitsarana na koa tratry ny fahalaniana paik'andro ny taratasy famerana ny hetra izay loharano nanaovana azy.**

**Ny sora-pamerana dia azo ampisaina ihany koa amin'ny fanangonana ny hetra tsy mbola voalao amin'ny fitazonana ifotony rehefa misy fandoavam-bola atao mikasika ny fandaniam-bolampanjakana. Misy fepetra manokana apetraka amin'ny fanatanterahana mitohy io fanarenana io ao anatin'ny roa volana.**

**Ny sora-pamerana dia azo ampiharina araka ny fomba ara-dalàna rehetra ary mitondra antoka amin'ny fananana mifaka mitovy amin'ny didy fanamelohana avoakan' ny fitsarana.**

**Na dia izany aza, ny famarotana ny zavatra notazonina ho antoka dia tsy azo atao raha tsy mahazo alalana mazava avy amin'ny Minisitera misahana ny didy amam-pitsipika momba ny hetra, izay**



**afaka mamindra ny fahefany amin'ny Tale Jeneralin'ny Hetra na amin'ny Tale misahana ny Fifanolanana.**

**Ny sara lany amin'ny fanenjehana ho fanatanterahana ny soa-pamerana dia iantohan'ny mpandoa hetra ka mitambatra ho fanampin-ketra miaraka amin'ny trosan'ny mpandoa hetra, ary mitovy amin'ny renin-trosa. Ireo fandaniana ireo dia azo arahina araka ny lalàna toy ny fanao amin'ny hetra. »**

**SOKAJY V  
FANENJEHANA  
1 - Fe-petoana - fomba**

**Andininy 20.01.45**

Ovàna toy izao ny fepetra voalazan'ny an-dàlana fahefatra amin'io andininy io :

« Ny taratasy fanenjarahana dia apetraka araka ny fomba avy amin'ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka.

Nefa kosa, ny fivarotana ireo entana noraisina ho antoka dia atao ao anatin'ny dimy andro nanaovana ny fanagiazam-pananana.”

**2 - Fanoherana ny sora-pamerana**

**Andininy 20.01.46**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny ao amin'ny andalana 1° amin'ity andininy ity :

« Ny fitarainana momba ny sora-pamerana dia tsy marim-pototra afa-tsy na noho ny tsy fihetezan'ny toetry ny sora-panekena, na noho ny tsy maha azo takiana intsony ny vola notakiana satria efa voaloha, na noho ny fahalanian'ny paik'andro na noho ny antony samihafa tsy manova ny fototra hamerana sy fikajiana ny hetra. Ny fitarainana ho fanoherana ny taratasy fanenjarahana dia tsy manankery, raha tsy natao tao anatin'ny dimy ambin'ny folo andro tao aorian'ny fampahalalana ny sora-pamerana sy ao anatin'ny valo andro nanaovana ny fanagiazam-pananana.

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny ao amin'ny andalana 3° amin'ity andininy ity :

« Ny fanoherana ny sora-pamerana dia entina eo anoloan'ny mpanolontsaim-panjakana ao amin'ny Fitsarana ambony miadidy ny ady amin'ny fanjakana ao amin'ny fitsarana an-tampony fa ny fanoherana ny taratasim-panenjarahana kosa dia entina eo anoloan'ny Fitsarana momban'ny ady madio ao amin'ny toerana hanaovana ny fanagiazam-pananana.

d) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny ao amin'ny andalana 4° amin'ity andininy ity :

« Tsy maintsy apetraka ao amin'ny Tale miandraikitra ny Fifanolanana, fa raha tsy izany dia tsy manankery, ao anatin'ny valo andro nanaovana ny fampahafantarana ny fanagiazam-pananana, ny fangatahana izay nohamafisina avy amin'ny fanamarinana ilaina nasehon'ny :

- Ny olon-kafa voakasika, araka ny voalazan'ny fepetran'ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka, izay manohitra ny andraikiny amin'ny trosan'ny mpadoa hetra nenjehina ;

- Ireo olona izay mitaky ny fananana nogiazina ho antoka ho fandoavana ny hetra, ny haba sy ny sara tokony aloan'ny mpadoa hetra. »

**SOKAJY VI  
FEPETRA IRAISANA AMIN'NY FANOHERANA**

**Andininy 20.01.47**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny ao amin'ny andalana 2° amin'ity andininy ity :

« Ny fanapahana dia ampahafantarana haingana ny mpanohitra amin'ny fomba ara-panjakana na amin'ny alalan'ny taratasy tsy very mandeha miaraka amin'ny fanamarinam-pandraisana »

b) Eo amin'ny andalana faha 7 amin'ity andininy ity, soloina “ao anatin'ny volana” ny andian- teny “ao anatin'ny telo volana”

d) Foronina ny andalana farany izay mirafitra toy izao :

« Tsy misy mpitsara, raha tsy te ho tompon'antoka amin'ny fandoavana ny hetra, mahazo manambara amin'ny anaran'ny tenany manokana ny fahafoanan'ny sora-pamerana na mandidy ny fampiatoana ny fanejarahana raha tsy misy fanapahana mialoha voafaritry ny andininy 20.01.47 ao amin'ny ny Fehezandalàna Ankapobe mifehy ny Hetra. »

**SOKAJY VIII  
ANDRAIKITR'OLON-KAFA**

**Andininy 20.01.49**

a) Ampiana fehezan-teny toy izao eo amin'ny faran'ny andalana 4° amin'ity andininy ity :

“Ny mpikajy ny hetra dia tsy maintsy mandrotsaka ny haba sy ny sara ambiny amin'ny sosaity eo an-

dalam-paharavana.”

Foanana ny fepetra voalazan'ny andininy 5°, 6° ary 8° amlin'ity andininy ity.

d) Soloina ho “andininy 20.01.43” ny vondron-teny “20.01.42” ao amin'ny andalana farany amin'ity andininy ity.

**TOKO III  
SAZY SY LAMANDY  
SOKAJY I  
FEPETRA ANKAPOBENY**

**Andininy 20.01.51**

Soloina ao amin'ny andalana farany amin'ity andininy ity ny vondron-teny “ho an'ireo sambany vao nandika lalàna” ho “raha fandikana lalàna voalohany”

**SOKAJY II  
TSY FAMETRAHANA FILAZANA**

**Andininy 20.01.52.1**

Ovàna toy izao ny rijan-teny amin'ity andininy ity :

“Ireo notera, vadi-tany, ireo mpiraki-draharahan'ny fitsarana, mpiraki-draharahan-panjakana, ireo mpitan-tsoratra ny vondrom-bahoaka-paritra, ireo mpanelanelana samihafa eo amin'ny raharaham-barotra ka nandika ny fepetra voalazan'ny andininy 02.04.15 ka hatramin'ny 02.04.22 n'ity fehezan-dalàna ity dia saziaha handoa Ar 200 000.”

**SOKAJY III  
TATAON-KETRA AMIN'NY FAHATARANA AMIN'NY FANEFANA FANDROTSAHANA,  
SY FANORATANA**

**Andininy 20.01.53**

Ovàna toy izao ny rijan-teny amin'ity andininy ity :

« Ny fahataràna rehetra amin'ny fanoratana ny sora-panekena na soratra, amin'ny fandoavana ary koa fampanarahana ho ara-dalàna haingana ataon'ny mpandoa hetra nandritra na ivelan'ny fanamarinana ara-ketra, ny hetra, haba na ireo vola takiana ato anatin'ny fari-panjakàna, na ny fandrotsahana ataon'ny olona izay tokony hanao izany, dia iharan'ny tataon-ketra amin'ny fahatarana amin'ny fanefana 1 isan-jaton'ny vola tokony aloa isaky ny fahatarana isam-bolana, ka ny sazy farany ambany aloa dia tsy latsaky ny Ar.2000.

Ny volana rehetra hanombohana dia aloa manontolo. »

**SOKAJY IV  
LAMANDY AMIN'NY FANAMBARANA TSY AMPY, TSY FAHAMARINANA FANADINOANA, NA  
FAMPIHENANA**

**Andininy 20.01.54**

Amin'ny faran'ity andininy ity ampiana andalana iray mirafitra toy izao :

Ny olona rehetra nandray anjara mivantana na tsia tamin'ny fanaovana filazàna isaky ny vanim-potoana na kisendrasendra mba hamerana ny hetrany, haba sy sara, ankoatra ny sazy sy lamandy, dia azo enjehana eo anoloan'ny fitsaràna raha manao filazàna diso. »

**Andininy 20.01.54.2**

Ao amin'ny 4° an'ity andininy ity dia soloina ny vondro-teny « eo amin'ireo samy mpandoa haba » ho « nataon'ny mpandoa haba »

**Andininy 20.01.54.4**

Soloina ny vondron-teny « ivon-toeram-pitantanana » ho « ivon-toeram-pitantanana nahazo fankatoavana ».

**SOKAJY VI  
FANDIKAN-DALANA Hafa**

**Andininy 20.01.56**

a) Ampiana ny andalana faha 3 izay mirafitra toy izao :

« Ny olona rehetra manan-jo , mivantana na ankolaka, amin'ny fitantanana tanteraka ny sosaity, ny

fikambanana na vondrona, raha tsy hoe efa voasazy araka ny fepetra voalazan'ny lalàna mifehy ny sosaity amin'ny fandoavana ny trosan'ny sosaity, dia azo ho raisina ho mpiara tompon'antoka amin'ny fandoavana ny hetra sy ny sazy tokony aloan'ny vondrona na fikambanana, raha toa izy tompon'andraikitra tamin'ny fanaovana hosoka, tsy fitandremana lehibe sy miverimberina tamin' ireo andraikitra ara-ketra, izay mitarika ny tsy fahafahana namory ny hetra sy ny sazy. »

b) Ampiana andalana faha 4 izay mirafitra toy izao :

« Ireo mpiray tsikombakomba amin'ny mpandoa hetra izay manao hosoka mba hialàna na amin'ny fanandramana hialàna amin'ny fandoavana ny hetra, amin'ny alalan'ny fikarakarana ny tsy fampandoavana na fametrahana sakana amin'ny fomba hafa amin'ny fandoavan-ketra, dia tompon'antoka miaraka amin'ny mpandoa hetra amin'ny fanefana ireo hetra ireo. »

### **Andininy 20.01.56.3**

Soloina ny vondron-teny « andininy 10.03.08, andalana 5° sy 10.03.13 » ho « ao amin'ny andininy 10.02.08 sy 10.02.13 »

Foronina ny andininy 20.01.56.6 izay mirafitra toy izao :

### **« Andininy 20.01.56.6 »**

Ny tataon-ketra amin'ny fahataràna araka ny voalazan'ny andininy 20.01.53 dia aloha ankoatra ny sara mifanaraka amin'ny fanenjhana izay mety hihatra amin'ny mpandoa hetra mba hamoriana ireo hetra ireo ihany. »

Foronina ny andininy 20.01.56.7 mirafitra toy izao :

### **« Andininy 20.01.56.7 »**

Ho saziana ampidirina am-ponja sy iharan'ny lamandy araka izay voafetry ny andininy 13 hatramin'ny faha 15 ao amin'ny hitsivolana laharana faha 62 - 065 tamin'ny 27 septambra 1962, na iza na iza, na amin'ny tranga inona na inona, amin'ny alalana na fomba hafa, indrindra amin'ny fihetsika manohitra am-pireharehana ny fepetra voalazan'ny lalàna, namporisika mivantana na an-kolaka, miharihary na tsia, ireo mpandoa hetra handà, tsy hanisy lanja na hanatàra ny fandoavana ny hetra. »

Foronina ny andininy 20.01.56.8 mirafitra toy izao:

### **« Andininy 20.01.56.8 »**

Mba ho antoka amin'ny fandoavan-ketra, haba sy sara tokony aloa, ireo famaizana ara-panjakana voalazan'ny fepetra ao amin'ny andininy 20.01.56.12 dia ampiharina raha misy ny tsy fandoavana vola tokony naloa amin'ny fahataperan'ny paik'andro. »

Foronina ny andininy 20.01.56.9 mirafitra toy izao:

### **« Andininy 20.01.56.9 »**

Ny vadin-tany, Mpanao lavanty, Notera, sendika, Mpiraki-draharaham-pitsarana, ireo banky, sampan-draharaha miandraikitra ny fiantohana sy ireo rehetra fametrahana-bola ara-panjakana dia tsy afaka ny manolotra amin'ireo mpandova, tompotrosa sy ireo olon-kafa manana alalana handray ny vola napetraka na nogiazana raha tsy vohamarina ny vola tokony ho naloan'ny olona tena fototra niaviany, mba tsy ho izy manokana no ho tompon'andraikitra, raha tsy hoe nanao ny fanenjhana ireo mpandoa hetra izy ireo. Ankoatra izay dia saziana handoa lamandy Ar.200 000 ambonin'izany .

Ireo mpametra-bola sy nogiazina dia nomena alalana, amin'ny ilàna azy, handoa avy hatrany ny vola izay fantatra fa tokony aloa, alohan'ny fanatanterahana amin'ny fanomezana ireo vola na « **deniers** » , ny tapakila natao mikasika ny kaontiny. »

Foronina ny andininy 20.01.56.10 mirafitra toy izao

### **« Andininy 20.01.56.10 »**

Ny manampahaizana manokana tsy nahavita hatramin'ny farany fitsirihina sy ny fametrahana ny tatitra mifanaraka amin'izany tao anatin'ny paik'andro voafetra araka ny andininy 20.02.35 , raha tsy hoe nohon'ny antony tena tsy azo nialana neken'ny tribonaly, dia voasazy handoa lamandy izay feran'ny tribonaly ihany tsy latsaky ny Ar.40.000. »

Foronina ny andininy 20.01.56.11 mirafitra toy izao

### **« Andininy 20.01.56.11 »**

Na iza na iza na amin'ny fomba ahoana na ahoana, mametraka ny mpiandraikitra nomem-pahefàna aradalàna hanamarina ireo fandikan-dalàna mifehy ny hetra mba tsy ahavitany ny asany, dia saziana amin'ny lamandy Ar.200 000 ka hatramin'ny Ar.500 000, ankoatra ny sazy mety ampiharin'ny

minisiteram-panjakana.

Io sazy io dia ampiharina ankoatr'ireo sazy hafa voalazan'ny lalàna manankery dia araka ny lanjan'ny fahadisoana no hanombanana azy arakaraka ny lanjan'ny osoka natao.

Raha mbola misy ny famerenana, dia ampiharana ny sazy farany ambony indrindra. »

Foronina ny andininy 20.01.56.12 mirafitra toy izao

**« Andininy 20.01.56.12**

Na toa inona na toa inona natioran'ireo famahàna ny raharaha izay voalazan'ny fandraiketana an-tsoratra na araka ny sora-pamerana, ny sazy ara-mpanjakana voalaza manaraka eto dia ampiharina miaraka ho antoka amin'ny fandoavana ny hetra, ny haba sy sara na haba izay natao osoka na nifanarahana sy amin'ny sazin-ketra:

1°Fanakantonana ataon'ny mpiasan'ny hetra izay miandraikitra ny famorian-ketra mitondra ny gradin'ny « contrôleur » fara fahakeliny, izany dia ferana tsy hioatra ny 3 volana raha betsaka indrindra, ny tranombarotra, ozinina, toeram-piasana na tranom-barotry ny mpandoa hetra.

Izany fanasaziana izany rehefa avy nampandrenesina mialoha ny Lehiben'ny Mpanatanteraka ao amin'ny faritra hanaovana ny fanatanterahana azy na ny Solotenam-paritry ny Fanjakana, dia hambara araka ny fanapahan'ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika mifehy ny Hetra izay afaka mamindra ny fahefany avy amin'ny alalan'ny fanapahana.

2°Fandraisam-pananana sy fivarotana ny fananan'ny mpandoa hetra.

3°Fanemoram-potoana vetivety ao anatin'ny fotoana tsy mihoatra ny telo volana na tanteraka, avy amin'ny fanapahan'ny sampandraharahan'ny hetra, ny fahazoana manamboatra, mitrandraka, mamokatra na mivarotra nekena na nandikan-dalàna.

4°Tsy fahazoan-dalana hivoaka ny faritra misy azy ny mpandoa hetra voalaza na ny Solotena aradalàna ny Sosaity. »

Io tsy fahazoan-dalana io dia hambara amin'ny fangatahana tsotra an-tsoratra ataon'ny Tale Jeneralin'ny Hetra ,any amin'ny Minisitritin'ny Atitany ary tsy azo vahàna raha tsy nahazoana fanalana ara-ketra.

Foronina ny andininy 20.01.56.13 mirafitra toy izao:

**« Andininy 20.01.56.13**

Amin'ny fanakatonana ny Tranombarotra, Fivarotana na Toeram-piasana, ny Mpiasan'ny hetra mpanatanteraka ny fanenjehana, raha toa ka nanao fangatahana dia hatrehan'ny manampahefana toy ny polisy. Ny mpandoa hetra dia tondroina ho toy ny mpiambina ihany avy eo.

Ny fivarotana ireo entana nogiazina dia tsy azo tanterahina raha tsy avy amin'ny alalan'ny fanomezan-dalana manokana avy amin'ny Tale Jeneralin'ny Hetra, omena avy amin'ny alalan'ny fangatahan'ny mpandray vola momba ny hetra.

Ny fivarotana dia tsy azo tanterahana raha tsy aorian'ny raika amby roapolo andro taorian'ny fanagiazana na fanakatonana ny tranombarotra, fivarotana na ny toeram-piasana.

Ny fampiharana ireo fepetra amin'ny fanagiazana na ny fanakatonana dia azo vahana amin'ny alalan'ny fandrotsahana mialoha, ankoatra ny hetra voalaza, ireo sazy miaraka aminy.

Ao anatin'izany rehetra izany dia tanterahana ny fandraiketana an-tsoratra ny fanagiazana, ny fanakatonana, ny fivarotana na ny fanalana tsatoka. »

Foronina ny andininy 20.01.56.14 mirafitra toy izao

**« Andininy 20.01.56.14**

Ankoatr'ireo fepetra manokana voalazan'ny fehezan-dalàna ankapoben'ny hetra, na iza na iza mampiasa osoka hialàna na mikasa hiala amin'ny fandoavana manontolo na ampahany ny hetra, haba sy sanda, sara amin'ny vokatra voalazan'ny fehezan-dalàna, na nanao fanahiniana tsy nanao ny filazany na dia efa nampahafantarina aza, na nanao fanahiniana nanafina ampaham-bola tokony handoavana hetra nohon'ny fanadinoina tsy nanoratra na fitanana an-tsoratra diso na noforonina ao amin'ny boky fitanana kaonty na ao amin'ny boky fitanisam-pananana na ao anatin'ny taratasin-draharaha izay misy, indrindra amin'ny alalan'ny fividianana na fivarotana tsy misy faktiora ary tsy misy

fifandraisana amin'ny tena zavamisy, na ny fandaminana ny tsy handoavam-bola na mametraka sakana mba tsy hamoriana ny hetra, haba sy ny sanda, dia mety ahavoasazy, ankoatra ny fanasaziana ara-ketra, fanagadrana roa na herintaona an-tranomaizina.

Ho amin'ny tranga miverina ao anatin'ny telo taona, ny mpandoa hetra dia iharan'ny sazy herintaona an-tranomaizina. »

Foronina ny andininy **20.01.56.15** ary soratana toy izao manaraka izao :

**« Andininy 20.01.56.15**

Ny tsy fanarahana ireo fepetra ao amin'ny lohateny V amin'ity fahezan-dalàna ity sy nohenjehina araka ireo fepetra'ity fehezan-dalàna ity ary ho saziana :

1° Lamandy Ar.10 000 isaky ny fandikana ny fepetran'ireo andininy 20.05.03 sy 20.05.04 ao anatin'izany .

sy ho an'ny laharam-pamantaran-ketra rehetra tsy misy fierana.

2° Lamandy ara-ketra mitovy amin'ny sandan'ny raharaha natao ho an'ny trangam-pandikana ny fepetra voalazan'ny andininy 20.05.05 ny fampiasana laharam-pamantarana ara-ketra diso na noforonina na ny fampiasana laharam-pamantarana ara-ketra maro. »

-Foronina ny andininy 20.01.56.16 mirafitra toy izao manaraka izao :

**« Andininy 20.01.56.16**

Ny mpanao taozava-baventy, ny mpivarotra sy mpanao asa-tanana izay tsy manao filazàna ny varotra ataony voalazan'ny andininy 20.06.15 ao anatin'ny fe-potoana ara-dalàna na manao filazàna diso na ny anarana, na fanampin'anarana, adiresy na ny laharam-pamantarana ara-ketra sy ny laharam-pamantarana statistikan'ireo mpanjifa dia iharan'ny sazy noho ny fahatarana 1 isan-jato isam-bolana amin'ny totalin'ny vola maty isan-taona nataony miaraka tamin'ny mpanjifa voalaza, sy iharan'ny fepetra araka ny andininy 20.02.45 sy ny manaraka amin'ity fehezan-dalàna ity. »

-Foronina ny andininy 20.01.56.17 mirafitra toy izao manaraka izao :

**« Andininy 20.01.56.17**

Ireo olona nanadino ka tsy nanao ny filazàna tao anatin'ny fotoana ara-dalàna na nanao filazàna ihany nefa misy fahadisoana, tamin'ny lahara-pamantaran'ny mpivarotra, dia saziana lamandy mety hitovy amin'ny totalim-bidin'ny entana novidiana tamin'ny mpivarotra ao anatin'ny taona voalaza. Izany fandikan-dalàna izany dia nohamarinina sy nosaziana araka ny fomba voalaza ao amin'ny andininy 20.02.45 sy manaraka amin'ity fehezan-dalàna ity. »

-Foronina ny andininy 20.01.56.18 mirafitra toy izao manaraka izao :

**« Andininy 20.01.56.18**

Ny fandikana ny fepetra voalazan'ity andininy ity dia saziana lamandy mitovy amin'ny totalim-bidin'ny varotra vokatra ho an'ny mpivarotra, totalim-bidin'ny raharaha natao ho an'ireo mpisahan-draharaha, na vidin'entana ho an'ny mpanjifa raha tsy misy fampisehoana faktiora na fampisehoana faktiora tsy mifanaraka amin'ireo fepetra voalaza eo ambony ».

Foronina ny andininy 20.01.56.19 mirafitra toy izao:

**« Andininy 20.01.56.19**

Ankoatra ny sazy voalaza sy ampiharina amin'ireo orinasa tsy mahafeno ny fepetra ara-ketra voalazan'ny lalàna, ireo ratsa-mangaikam-pitantanana sy fitondrana an'ireo orinasa dia azo henjehina sy saziana araka ny fepetra izay voafaritry ny lalàna. »

Foronina ny andininy 20.01.56.20 mirafitra toy izao:

**« Andininy 20.01.56.20**

1° Raha adinon'ny mpandoa hetra ny nametraka ny filazana fanao isaky ny vanim-potoana voalaza ao amin'ny andininy 06.01.16, na mandoa ny hetra mifanaraka amin'izany, ka na dia teo aza ny antso fampitandremana natao azy, ny Fanjakana dia afaka mampahafantatra amin'ny alalan'ny taratasy tsy very mandeha misy filazam-pandraisana na amin'ny « fax », ny fikasana hamoaka ny fanakatonana manontolo na amin'ny ampahany ny orinasa ao anatin'ny fotoana tsy mihoatra ny 15 andro.

2° Ny tsy fanatanterahana ny fandoavam-bola ao anatin'ny 8 andro manomboka amin'ny fotoana nandraisana ny fampahafantarana voalaza etsy ambony, ny fanakatonana manontolo na amin'ny ampahany ny orinasa dia ambara avy amin'ny fanapahan'ny Tale Jeneralin'ny Hetra. Atao ny

fanakatonana manontolo na amin'ny ampahany amin'ny alalan'ny fametahana tomboka eny amin'ny toerana misy ny orinasa, izay ataon'ny vaditany mpanatanteraka izany. Ny anton'ny fanakatonana dia atao peta-drindrina hita mazava tsara eo amin'ny rindrina anoloan'ny tranon'ny orinasa na eo amin'ny varavarany mandritra ny fotoam-pikatonana.

3° Ny fanoherana rehetra izay ataon'ny olona, na iza na iza amin'ireo raharaha voalaza teo aloha, na ny fomba rehetra entina hanohizana ny asa na amin'ny fomba inona na inona dia heloka iharan'ny fampidirana am-ponja mandritra ny iray ka hatramin'ny 3 volana.

4° Raha toa ny mpandoa hetra ka nanatanteraka ny fametrahana filazàna sy fandoavan-ketra alohan'ny fahataperan'ny fepotoana fanakatonana, na nametraka antoka manan-kanefàna trosa eken'ny Fanjakàna, ary miaiky fa hiara-mandoa ny hetra sy ny sazy miaraka amin'ny mpandoa hetra, ny vaditany dia mahazo alalana ho hanao ny fanokafana indray ny orinasa.”

Foronina ny andininy 20.01.56.21 mirafitra toy izao :

**“Andininy 20.01.56.21**

Ny fampihenana rehetra atao ao anatin'ny filazàna ny vola miditra na ny raharaha voan'ny hetra, ny fanadinoina tamin'ny fanoratana na fanaovana soratra foronina na tsy marina, ary amin'ny ankapobeny, ny fomba rehetra natao ampiteraka trosan-kaba tsy voamarina, indrindra raha toa ka natao izany mba anatsorana amin'ny alalan'ny fividianana na fivarotana tsy nisy fakitiora na amin'ny faktiora tsy mifandraika akory amin'ny raharaha tena atao dia miteraka avy hatrany fanafoanana manontolo ny trosa nanaovana filazana. Ny trosa-kaba naverina tamin'ny fomba tsy ara-dalàna dia tsy maintsy arotsaka ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana ao anatin'ny 8 andro manomboka ny daty nandraisana ny fampahafantarana ny fanafoanana ny trosa . Ny tsy fandoavana izany ao anatin'ny fe-potoana dia saziana amin'ny fanakatonana manontolo na amin'ny ampahany ny orinasa, araka ny fepetra voafaritry ny andininy 06.01.30 etsy ambony”.

**TOKO IV  
SAZY MANOKANA AMIN'NY PARAKY SY ALIKAOLA**

Ovàna toy izao manaraka izao ny filazana an'ity Sokajy I ity :

**SOKAJY I  
FANDIKAN-DALANA ARA-KETRA AMIN'NY FAMBOLENA, FANAMBOARANA, FIVIDIANANA ETO  
ANTOERANA SY FANAFARANA  
RAVIM-PARAKY SY PARAKY VOAHODINA**

**Andininy 20.01.57**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra amin'ny andalana 1° amin'io andininy io :  
« Ny fandikan-dalàna araka ny lalàna mifehy ny hetra momba ny fambolena, fanamboarana sy fividianana ravi-paraky na paraky voahodina dia faizina arak'izao manaraka izao :

.....

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra amin'ny 6° amin'io andininy io :  
«6° Ny fividianana ravim-paraky na efa voahodina ka tsy nahazo alalana avy amin'ny Tale Jeneralin'ny Hetra dia iharan'ny : Fanagiazana ny vokatry novidiana tsy ara-dalana sy namidy tsy manara-dalàna ary atao lavanty mba ho tombotsoan'ny fandraharana ara-ketra.  
Ny olona nahazo alalana hanamboatra sy ireo mpanafatra avy any ivelany manana trano fitahirizam-bokatra irery ihany no mahazo mividy ny entana nogiazina natao lavanty ».

c)Foronina toy izao manaraka izao ny 7 :  
« 7° Ny fandikan-dalàna rehetra voalazan'ny lalàna manankery ampiharina amin'ity lohateny ity dia saziana lamandy Ar.40 000,00 ».

Ovàna toy izao manaraka izao ny Sokajy II.

**SOKAJY II  
FANDIKAN-DALANA MIKASIKA NY FANAMBOARANA, FIVIDIANANA ETO  
AN-TOERANA SY NY FANAFARANA ALIKAOLA**

## SY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA

Foronina toy izao manaraka izao ny andininy 20.01.058.1 :

### **« Andininy 20.01.58.1**

Ny fividianana eto an-toerana sy ny fanafarana alikaola sy zavatra misy alikaola tsy nahazoana alalana mialoha avy amin'ny Tale Jeneraly ny Hetra, ny vokatra novidiana tsy ara-dalana dia iharan'ny fanagiazana sy atao lavanty ampahi-bemaso ho an'ny Sampandraharahan'ny hetra.

Ny mpamatra toaka an-tavoahangy « embouteilleurs » nahazo alalana sy ny mpivarotra manana ny fahazoan-dalana Sokajy 1 ireny ihany no mahazo mividy ny vokatra misy alikaola natao lavanty. Na izany aza anefa, ny fividianana alikaola natao lavanty ampahi-bemaso dia natokana ho an'ireo mpamatra toaka an-tavoahangy nahazo alalana. »

### **Andininy 20.01.73**

Ovàna ny vondron-teny « hetra tsy mivantana alaina main'ny fandaniana » ho « hetra avy amin'ny fahazoan-dalana hivarotra ».

## II- Fanafoanana, fampiatoana na fisintonana ireo fahazoan-dalana hivarotra

### **Andininy 20.01.74**

Ao amin'ny andalana voalohan'io andininy io dia ovàna ny vondron-teny « fahazoan-dalana sokajy fahatelo » ho « fahazoan-dalana sokajy faharoa ».

## TOKO V

### FITSINJARANA NY VOKATRY NY LAMANDY SY NY FAMABOANA

#### **Andininy 20.01.79**

a) Foanana ny 3° amin'ity andininy ity.

b) Ovàna ao amin'ny 4° ny vondron-teny « Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsika mifehy ny hetra » ho « Tale Jeneralin'ny Hetra ».

## LOHATENY II

### FIFANOLANANA ARA-KETRA

#### TOKO II

### SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FAMINDRAM-PO

#### **Andininy 20.02.05**

Ovàna ny vondron-teny « Lohateny II, III sy IV » ho « lohateny I sy II »

## TOKO III

### FITARAINANA - FIFANOLANANA AMIN'NY FAMERANA NY HETRA

#### **Andininy 20.02.13**

a) Ovàna ny vondron-teny « Lohateny II, III sy IV » ho « Lohateny I sy II »

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny eo amin'ny an-dalana faharoa amin'ity andininy ity :  
« Ireo fitarainana mikasika ny fikajiana ny hetram-panjakana voarakitra ao amin'ny Boky I ao amin'ity fehezan-dalàna ity dia tsy maintsy haseho ao amin'ny biraon'ny Hetra misahana ny fitantanana ny antonta-taratasin'ny mpandoa hetra na ao amin'ny ivon-toeran'ny sampan-draharaha misahana ny fisavana ara-ketra, Na entina avy hatrany eo anatrehan'ny vaomiera ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana. »

c) Foronina ny andalana farany ao amin'io andininy io :

« Ny fandaminana, ny asa-sahanina ary ny fandrindrana ny Vaomiera ara-ketra momba ny fitarainana ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana dia voafetra araky ny lalàna ».

#### **Andininy 20.02.14**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny an-dalana faharoa amin'io andininy io :

« Na izany aza, io fe-potoana io dia ferana ho dimy ambin'ny folo andro manomboka eo amin'ny fotoana andraisana ny fampahafantarana farany raha nisy ny fitondrana ny raharaha manoloana ny Vaomiera ara-ketra ».

b) Foronina toy izao manaraka izao ny andalana farany amin'io andininy io :



« Mikasika ny hetra alaina amin'ny tany, ny faran'ny fitarainana dia ferana ho telo volana manomboka eo amin'ny fotoana nandraisana ny fampahalalana ny filazana ny hetra ».

**Andininy 20.02.17**

Ovàna ny rijan-teny « Lohateny II, III sy IV » ka soloina « Lohateny I sy II ».

**Andininy 20.02.18**

Ovàna toa izao manaraka izao ny firafitr'io andininy io :

« Ny Fandraharahana ara-ketra no manapaka ny fitarainana, ny fihenana-ketra novolavolain'reo mpiasa misahana ny fikajiana ny hetra, ny fandoavana ny hetra na mikasika ny hevitra ny kaomisionina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana, ao anatin'ny fe-potoana iray volana nandraisana azy ireo.»

**TOKO IV  
FOMBA ARAHINA EO AMIN'NY FITSARANA  
SOKAJY I  
SAMPAM-PITSARANA MAHEFA**

**Andininy 20.02.20**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ity ny firafitry ny an-dalana voalohany amin'io andininy io

« Ny fanapahana nomen'ny Fandraharahana ara-ketra mikasika ny fifanolanana teo amin'ny famerana ny hetra ka tsy nahazoan'ny mpitaraina fahafaham-po dia azo entina eo anoloan'ny Mpanolontsain'ny Fanjakana momba ny Fitsarana Tampony ho an'ny hetra an'ny Fanjakana foibe ary anoloan'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny Fanjakana kosa ho an'ireo hetram-bondrom-bahoaka ».

b) Tovanana andalana faha-efatra soratana toa izao :

« Ny solon-tena amin'ny fitsarana misahana ny fandraharahana ara-ketra dia tantanan'ny Foibe miandraikitra ny fifanolanana na ny sampan'asa miaraka aminy ».

**Andininy 20.02.21**

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry io andininy io :

« Ny fitarainana dia tokony tafiditra ao anatin'ny iray volana manomboka amin'ny fotoana nandraisana ny fampahalalana ny fanapahana na ny fahataperan'ny fe-potoana iray volana voalaza ao amin'ny andininy faha 20.02.20. Nefa kosa, azo halavain'ny Tale miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra io fe-potoana io ary izany dia araka ny fangatahan'ny kaomisionina voalaza etsy ambony raha toa ka nisy fitondran'ny andaniny na ny ankilany ny raharaha teo aminy.

Ny fitarainana natao alohan'ny fahataperan'ny fe-potoana iray volana voalaza teo aloha na alohan'ny fahampahafantarana ny fanapahan'ny fitondrana na koa aorian'ny fahataperan'ny fetra voatondron'ny lalàna ho an'ireo mpanao fitarainana mba hitondra ny raharaha eo anivon'ny fitsarana dia fohanana ary tsy azo ekena. »

**Andininy 20.02.22**

Foana ny fepetra voalazan'io andininy io

Ovàna toy izao manaraka izao ny intitulé I an'io Sokajy II io :

**SOKAJY II  
« I. FOMBAFOMBA »**

**Andininy 20.02.33**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny amin'io an-dalana io :

« Ny kaomisionina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana dia manantateraka ny fitsirihana momba ny hetra araka ny hitsivolan'ny fitsarana. »

**Andininy 20.02.35**

Foanana ny an-dalana fahatelo amin'io andininy io.

**II TRIBONALY FITSARANA  
FAMPIDIRANA SY FITSARANA IREO ADY TSOTRA**

**Andininy 20.02.42**

Foanana ny fepetra voalaza ao amin'io andininy io.

**Andininy 20.02.43**

Foanana ny fepetra voalaza ao amin'io andininy io.

**Andininy 20.02.44**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny ao amin'io andininy io.

« Ny manam-pahefana mahefa dia tokony hampahalalana ny tohiny mikasika ny fangatahana fampihantoana ny fandoavana ao anatin'ny fe-potoana folo andro tamin'ny nandraisana ny fampahalalana na filazana voarakitra ao amin'ny andininy faha 20.02.18 ».

**TOKO V  
FAMAIZANA FANDIKAN-DALANA  
SOKAJY VOALOHANY  
DIKAN'NY SAZY**

**Andininy 20.02.45**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny ao amin'io andininy io :

« Ny fandikan-dalàna ara-ketra, dia ny fandikana ny fepetra voarakitra ao amin'ny fehezan-dalàna ankapobe mikasika ny hetra sy haba isan-karazany sy ny didy fampiharana azy ireo.

Ireo rehetra ireo dia miteraka fandikan-dalàna ara-ekonomika na mikasika ny fandriam-pahalemana. »

**SOKAJY II  
FIKAROHANA SY FANDAMINANA SY FANDIKAN-DALANA**

**Andininy 20.02.53**

Soloina ny andalany farany ao amin'ny andininy rijan-teny « fahadisoana » amin'ny « Mpandoa hetra »

**Andininy 20.02.55**

Soloina ao amin'ny andalana voalohany ny rijan-teny « fahadisoana » amin'ny « mpandoa hetra »

**SOKAJY III  
FANAOVANA FISAVANA  
3. Fisavana trano fonenana  
A-fisavana olon-tsotra**

**Andininy 20.02.68**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny andalana voalohany amin'io andininy io :

« Ny fizahana sy fisavana rehetra atao amin'ny olon-tsotra eny an-toerana dia tsy iharan'ny lalàna ara-ketra na hoe « Nafindra tsy tamin'ny fankasitrahana mazava tamin'olona ny raharaha teo an-toerana, tsy manana fahefana hisava na manafaka kosa ny any amin'ny mpisolovava ny fanjakana eo amin'ny faritra tsotra. »

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny andalana fahatelo amin'io andininy io :

« Ny fanomezan-dalana hisava dia tsy maintsy nanaovan'ny Sampandraharaha misahana ny fanenjehana fitarainana an-tsoratra ankapobe ny mety hisian'ny hosoka. »

**Andininy 20.02.71**

Amin'ny faran'ity andininy ity, foronina ny an-dalana faharoa mivaky toy izao :

« Mitovy amin'izany ihany koa, raha misy fanaovana asa aman-draharaha feheziny lalana ankapoben'ny mifehy ny hetra ao anatin'ny toeram-ponenana na fametrahana entam-barotra, fitaovana na fitaovana ampiasaina amin'ny orinasa. Noho izany, ny trano fonenana dia heverina ho toeram-piasana fa tsy trano fonenana fotsiny »

**SOKAJY IX  
FITORIANA  
FEPETRA ANKAPOBENY**

**Andininy 20.02.109**

Soloina ao amin'ny andalana faharoa amin'ity andininy ity ny rijan-teny «fahadisoana » amin'ny « mpandoa hetra ».

**SOKAJY VII  
FISAKANANA AMIN'NY FANATANTERAHANA NY ASANY**

**Andininy 20.02.101 Andalana voalohany**

Foanana ny fepetran'ity andininy ity.

**SOKAJY XIV  
SAZY ARA-PANJAKANA**

**Andininy 20.02.130**

Foanana ny fepetr'ity andininy ity

**Andininy 20.02.131**

Foanana ny fepetr'ity andininy ity

**Andininy 20.02.132**

Foanana ny fepetr'ity andininy ity

**LOHATENY III  
FOMBA FAMERANA NY HETRA  
I - FAMERAN-KETRA SY FANITSIANA TSY MISY FIERANA  
A -TSY FISIANA SY FAHATARANA AMIN'NY FAMETRAHANA FILAZANA**

**Andininy 20.03.02**

Ovàna ny fepetran'io andininy manaraka io :

"Asaina manefa na ampiharana ny fanitsiana tsy misy fierana amin'ny hetra alaina amin'ny vola miditra sy ny mitovy aminy, amin'ireo haba amin'ny vola maty, amin'ireo firaiketana ny sora-panekena sy amin'ireo hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania, ny olona na orin'asa izay :

- tsy mametraka tao anatin'ny fotoana ara-dalana ireo filazana ara-ketra izay tokony notanany.
- tsy nanateraka tao anatin'ny fotoana voalaza ireo fanazavana sy fanamarinana nangatahin'ny Fandraharahana momba ny hetra.
- tsy mitazona fitanan-kaonty ara-dalana raha didian'ny lalana ny amin'izany, na fitanana ireo antontatratasy voalazan'ity fehezan-dalana ity, na raha toa ka ny fitanan-kaonty mampiseho ny fahadisoana lehibe sy miverimberina izay tsy ahitana fahamarinana na fanadinoana ny fandreketana an-tsoratra na fanoratana tsy marina na noforonina tao anaty fitanan-kaonty.
- mividy sy mivarotra tsy misy taratasim-barotra na an-tonta taratasy, fampiasana na fanomezana taratasim-barotra tsy mifanaraka amin'ny tena zava-misy marina
- tsy nametraka ny an-tontan-taratasy toy ny saram-panoratana na haba sy ny mitovy aminy na tsy mampiseho ireo fomba arahina ny fanoratana ny sora-panekena rao anatin'ny fotoana ara-dalana.
- tsy nametraka ara-dalana ny filazana ireo vokatra iharan'ny haba ho an'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania sy ny mitovy aminy.

**LOHATENY III  
FOMBA FAMERANA NY HETRA  
III FOMBA ARAHINA**

**Andininy 20.03.09**

- a) Foanana ny andalan-teny "io fe-potoana valo andro io hoan'ny haba amin'ny sanda hary".
- b) Soloina ny andalan-teny "telopolo andro" ho "dimy ambin'ny folo andro".

**LOHATENY IV  
FEPOTOANA LANY ANDRO  
I FEPETRA ANKAPOBENY**

**Andininy 20.04.01**

Ampiana andalana faharoa mirafitra toy izao :

« Ny fanamarinana ataon'ny fandraharahana ara-ketra dia afaka mihitatra amin'ireo taona lany paik'andro, raha toa ka ny raharaha mifanaraka amin'izany dia nisy akony teo amin'ny fameran-ketra tamin'ny vanim-potoana manaraka tsy tafiditra tao anatin'ny fahalianana paik'andro "

**II - HETRA MIVANTANA SY NY TOA AZY**

**Andininy 20.04.02**

a)Ovàna ny vondron-teny « ny vola miditra amin'ny isam-batan'olona sy ny vola miditra » ho « ny vola miditra » ao amin'ny andalana voalohany amin'io andininy io.

b)Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana faharoa amin'io andininy io :

« ny fepetry ny andalana faharoa ao amin'ny andininy 20.04.01 dia ampiharina amin'ny fanamarinana ny famindrana ny fatiantoka amin'ny taona manaraka ».

**Andininy 20.04.04**

Vonoina ny andalan-teny "haba amin'ny asa aman-draharaha sy ireo haba fanampiny sy ny mahakasika izany" sy "sy haba fanampiny"

**LOHATENY V  
LAHARAM-PAMANTARANA NY MPANDOA HETRA  
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

**Andininy 20.05.05**

Soloina ny rijan-teny -« ireo fankatoavana rehetra » ho « fankatoavana rehetra ».

**SAZY**

**Andininy 20.05.06**

Foanana ny fepetra voalaza ao amin'io andininy io.

**LOHATENY VI  
FAHEFANA MITAKY - FAHEFANA MISAVA  
TSIAMBARATELON'NY ASA (DC-DVSP)  
SOKAJY I  
FAHEFANA MITAKY**

**Andininy 20.06.05**

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny andalana fahatelo amin'io andininy io :

« Tsy misy afa-tsy ireo mpiasa ireo ihany no afaka mampiasa paik'ady voalaza ao amin'ny andininy faha 20.02.68, mikasika ireo fitsidihana na fisavàna mba ahazoana manamarina ny toeram-piasana, ny fitaovana ary ny entana tahiry ».

**Andininy 20.06.08**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny ao amin'ny andininy io :

« Ny fandavana tsy hanome ireo an-tonta taratasy sy ireo fanazavana ilaina ao anatin'ity lohateny ity dia voasazy amin'ny fandoavana sazin-ketra Ar.200 000 ka hatramin'ny Ar.5 000 000, na koa sazy navoakan'ny fitsaràna an-tampony mamoaka (mandidy) fitoriana tsy handoavam-bola ataon'ny Sampan-draharahan'ny Hetra ».

**TOKO II  
TSIAMBARATELON'NY ASA**

**Andininy 20.06.10**

Soloina ny tsipika kely **faharoa sy fahatelo** ny vondron-teny « iharan'ny lalàna ara-ketra » ho « mpandoa hetra ».

**TOKO III**  
**NY ANDRAIKITRY ISAM-BATAN'OLONA NA FIKAMBANANA**  
**MANDRO TSA-BOLA IHARAN'NY HETRA**

**Andininy 20.06.12 andalana 1°**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny an-dalana voalohany amin'io andininy io :  
« Ny olon-tsotra rehetra na Fikambanana na ara-panjakana na tsy miankina izay tsy maintsy mandrotsaka ireo saram-panerana, fividianana na fivarotana an-tselika, tamberim-bidy, ny tambikarama, ny karama isam-bolana mikasika ny asa misahana ny fananan-trano, ny fiantohan'asa, ny mpiasa madinika, ny fitaterana, ny karama an-tselika tsindraindray mikasika amin'ny asa aman-draharaha ary ireo izay mividy ny vokatra na entam-barotra ilaina amin'ny fandania manokana (ireo entana novidiana efa lany na tsy voatahiry) dia tsy maintsy apetraka alohan'ny 1 may isan-taona any amin'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fanadihadiana, ny filazana ny vola misy faktiora sy voasoratra ao anaty bokim-bola mandritra ny taona lasa.

**Andininy 20.06.13**

Soloina ny vondron-teny « Ar.3000 » ho « Ar.100 000 ».

Foronina ny andininy 20.06.14 mirafitra toy izao :

**“Andininy 20.06.14**

Ovàna toy izao manaraka izao io andininy io :  
“ Ny Fikambanana na ny olon-tsotra izay tsy nametraka tao anatin'ny fotoana ara-dalàna ny filazana ny vola voalaza ao amin'ny andininy 20.06.12 sy 20.06.13 na ireo nanao filazana tsy mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ireo andininy ireo dia iharan'ny zana-bola 1 isan-jato isam-bolana amin'ny totalim-bola harotsaka, ary mihatra avy hatrany araka ny fepetra voalazan'ny andininy 20.02.45 ao amin'ny fehezandalàna. »

**SOKAJY IV**

**ANDRAIKITRY NY MPANAO TAO-ZAVA-BAVENTY, MPIVAROTRA SY MPANAO ASA-TANANA**

**Andininy 20.06.15**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana faharoa amin'io andininy io :  
“ Ireo filazana sy antota-tsoratra ara-solosaina momba azy ireo dia tokony apetraka ao amin'ny Lehiben'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fanadihadiana alohan'ny 1 may isan-taona tamin'ny varotra natao nandritry ny taona teo aloha. Io filazana io dia raketina amin'ny taratasy vita printy alaina eny amin'ny Sampandraharahan'ny hetra ary tokony hisy ny anarana, fanampin'anarana, adiresy marina, laharam-pamantarana ara-ketra ary ny laharam-pamatarana ara-antontanisa isaky ny mpandoa hetra”.

**Andininy 20.06.16**

Foana ny fepetran'io andininy io.

**Andininy 20.06.17**

a)Ao amin'ny andalana faha-2 amin'io andininy io, aty aoriana “raha toa ka misy” dia ampiana “ ary tokony hisy atontan-taratasy ara-tsolosaina ”

b) Foanana ny andalana faha-3 amin'io andininy io

**Andininy 20.06.18**

Foanana ny andalana farany amin'io andininy io.

**SOKAJY VI**

**ADIDIN'NY RANTSAMANGAIKAN'NY FITANTANAN-DRAHARAHANA SY NY FITARIHANA**

**Andininy 20.06.20**

Foanana ny fepetran'io andininy io

Ao amin'io sokajy VII, foanana ny vondron-teny “ENY AN-TOERANA”.

**SOKAJY VII**  
**FANAMARINANA**

**Andininy 20.06.21 bis**

Soloina ao amin'ny andalana voalohany ao amin'io andininy io ny vondron-teny "manamarina ny filazana " ho

" fanamarinana ny antontan-taratasy avy amin'ny ny filazana ."

#### **Andininy 20.06.21 Ter**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana farany amin'io andininy io:

"Raha toa ka misy ny tsy fahatongavan'ny taratasy fampahafantarana nalefa paositra na tamin'ny fomba hafa rehetra, na inona na inona antony, ny fanjakana dia mampihatra avy hatrany ny fitakiana ny hetra."

#### **Andininy 20.06.24**

Foanana ny andalana fahatelo amin'io andininy io.

#### **Andininy 20.06.25**

Ovàna ny rijan-teny eo amin'ny faran'ny andalana amin'ity andininy ity :

"Ho an'ireo tranga roa ireo, ny taratasy sy ny antotan-taratasy izay didian'ny lalana ny fametrahana azy, sy ireo nangatahan'ny Sampadrahara, ka tsy notanterahina tao anatin'ny fe-potoana voafetra dia tsy azo entina anoharana ny fameran-ketra tsy misy fierana nataon'ny Sampadrahara'ny hetra"

Soloina ny anarana ireo "LOHATENY VIII" ho "IVON-TOERAM-PITANTANANA NAHAZO FANKATOAVANA"

### **« LOHATENY VIII IVON-TOERAM-PITANTANANA NAHAZO FANKATOAVANA »**

#### **Andininy 20.08.01**

Soloina ny vondron-teny « Ivon-toeram-pitantanana » ho « Ivon-toeram-pitantanana nahazo fankatoavana »

#### **Andininy 20.08.03**

Soloina ny vondron-teny « Ivon-toeram-pitantanana » ho « Ivon-toeram-pitantanana nahazo fankatoavana »

## **ANDININY FAHA-2**

### **FADITSERANANA**

**A- Ireo fepetra momba ny fehezan-dalana momba ny faditseranana dia ovana toa izao manaraka izao :**

1- Soloy ny fampandriana an-tsoratra ny andininy faha 190-1° sy 2° amin'ny fampandriana an-tsoratra vaovao arafitra toy izao manaraka izao :

« Art 190.- 1° : Ny atao hoe : « fampidirana tsy maharitra » dia ny fitondran'ny Faditseranana izay ahafahana miditra eo amin'ny faritry ny ati-tany, amin'ny fampiatonana ny sara sy haba, ka tsy misy fampiharana fandrana miendrika ara-toe-karena, ireo entana nafarana manana tanjona voafaritra sy natao ho aondrana indray ao anatin'ny fe-potoana voafetra. **Ireny entana nafarana ireny dia miditra eto amin'ny ati-tany amin'ny toetrany, tsy niharan'ny fanovana ankoatry ny fihenana'ny lanjan'ny entana vokatry ny fampiasana izay natao araka ny fepetra faritan'ny didim-pitondrana nataon'ny Minisitra misahana ny Faditseranana araka ny tolokevitra avy amin'ireo Minisitra voakasika. »**

**2° Na izany aza** , ny Tale Jeneralin'ny Faditseranana dia afaka manome ao anatin'ny fepetra faritana miaraka amin'ireo Minisitra voakasika, fahazoan-dalana momba ny fampidirana entana tsy maharitra amin'ireto toe-javatra manaraka ireto :

**- fampidirana zavatra hanaovana andrana na fanazarana ; »**

2- Soloy ny fampandriana an-tsoratra ny andininy faha 197 amin'ny fampandriana an-tsoratra vaovao arafitra toy izao manaraka izao :

« **Art 197** : Ny entana nanaovana fanambarana araka ny fitondrana fampidirana entana tsy maharitra ho fanatsarana ny ho enti-mihetsika dia azo atolotra, eo ambanin'ny fiandraiketana ny mpanao tonon-bola, ho sahanin'olon-kafa manana fiasana ilaina, ka io olona io dia manome taratasy fanolorana entam-barotra izay ho tehirizin'ny mpanao tonon-bola. Ity farany ity dia tsy maintsy mandrakitra an-tsoratra ao amin'ny bokiny, araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha- **195** etsy ambony, ny taratasy fanolorana entana natao. »

**B- Mikasika ny lazam-bidin'ny faditseranana**

Jereo ao amin'ny dikan-teny frantsay

**II. FIFANDANJANA ANKAPOBEN'NY LALANA  
FANITSIANA NY FITANTANAM-BOLA AMIN'NY TAONA 2008**

**ANDININY FAHA-3**

Ny vokatra sy ny vola miditra azo ampiarina amin'ny Tetibola amin'ny taona 2008 dia vinavinaina ho **2.715,2 miliara Ariary** araka ny tabilao manaraka etoana :

FANONDROANA	SORABOLA TANY AM- PIANDOHANA	FANOVANA		SORABOLA VAVOVAO
		+	-	
<b>1. Fampandehanan-draharaha</b>	<b>1.948,2</b>	<b>170,4</b>	<b>0,0</b>	<b>2.118,6</b>
- Vola miditra avy amin'ny hetra	1.827,2	104,4	0,0	1931,6
- Vola miditra ankoatry ny hetra	35,0	11,9	0,0	46,9
- Fanampiana ara-bola tsy averina	86,0	50,5	0,0	136,5
- Vola miditra avy amin'ny fisitahan'ny fanjakana	0,0	2,2	0,0	2,2
- Vola miditra manokana	0,0	1,4	0,0	1,4
- Renivola miditra ( IADM - FMI)	0,0	0,0	0,0	0,0
<b>2. Fampiasam-bola</b>	<b>596,6</b>	<b>0,0</b>	<b>0,0</b>	<b>596,6</b>
- Fanampiana avy any ivelany/PIP	596,6	0,0	0,0	596,6
<b>FITAMBARANY</b>	<b>2.544,8</b>	<b>190,5</b>	<b>0,0</b>	<b>2.715,2</b>

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalana ity.

**ANDININY FAHA-4**

Ny farafahabetsaky ny Sorabola anomezan-dàlana, ho an'ny zana-bola amin'ny trosa ivelany, ny Andrim-panjakana, ny ho entin-manana ireo Minisitery, ny fandaniana iraisan'ireo Minisitery, ny fanomezana ho an'ny Kaominina ary ny Fandaniana ho amin'ny famokarana (Famatsiam-bola anatiny sy ivelany) ao amin'ny Tetibola Ankapobe amin'ny taona 2008, izay novinavinaina ho 3.246,6 miliara Ariary tany am-piandohana, dia mitentina **3.391,2 miliara Ariary**, izany hoe mitombo 144,6 miliara Ariary.

**ANDININY FAHA-5**

Ao anatin'io fetra faratampony io, dia sokafana amin'ny taona 2008 ny sorabola izay ampiarina

:

- Hatramin'ny **139,7 miliara Ariary** ho an'ny zana-bolan'ny trosa ivelany, raha novinavinaina

ho 192,7 miliara Ariary tany am-piandohana, izany hoe mihena 53,0 miliara Ariary;

- Hatramin'ny **152,0 miliara Ariary** ho an'ireo Andrim-panjakana, raha novinavinaina ho 146,2 miliara Ariary tany am-piandohana, izany hoe mitombo 10,8 Ariary, ka mitsinjara toy izao:

LAHARANA	ANDRIM-PANJAKANA	SORABOLA TANY AM-PIANDOHANA	FANOVARA		SORABOLA VAVOVAO
			+	-	
<b>01</b>	<b>FIADIDIANA NY REPOBLIKA</b>	<b>79 816 357</b>	<b>8 152 757</b>	<b>6 940 757</b>	<b>81 028 357</b>
010	Fiadidiana ny Repoblika	79 816 357	8 152 757	6 940 757	81 028 357
<b>02</b>	<b>ANTENIMIERAN-DOHOLONA</b>	<b>7 100 505</b>	<b>1 838 000</b>	<b>338 000</b>	<b>8 600 505</b>
020	Antenimieran-doholona	1 388 183	228 000	228 000	1 388 183
021	Antenimieran-doholona - Fandraharahana sy Fandrindrana	5 712 322	1 610 000	110 000	7 212 322
<b>03</b>	<b>ANTENIMIERAM-PIRENENA</b>	<b>13 050 367</b>	<b>3 100 000</b>	<b>0</b>	<b>16 150 367</b>
030	Antenimieram-pirenena	13 050 367	3 100 000	0	16 150 367
<b>04</b>	<b>FITSARANA AVO MOMBA NY LALAM-PANORENANA</b>	<b>1 923 174</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>1 923 174</b>
040	Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana	1 900 416	0	0	1 900 416
041	Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana - Fandraharahana sy Fandrindrana	22 758	0	0	22 758
<b>05</b>	<b>FIADIDIANA NY PRAIMINISTRA</b>	<b>44 309 418</b>	<b>6 304 173</b>	<b>1 304 173</b>	<b>49 309 418</b>
050	Fiadidiana ny Praiministra	41 951 161	6 304 173	1 304 173	46 951 161
051	Fiadidiana ny Praiministra - Fandraharahana sy Fandrindrana	2 358 257	0	0	2 358 257
	<b>FITAMBARANY</b>	<b>146 199 821</b>	<b>19 394 931</b>	<b>8 582 931</b>	<b>157 011 821</b>

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

- hatramin'ny **3.094,4 miliara Ariary** ho an'ireo minisitera, raha novinavinaina ho 2.907,7 miliara ariary tany am-piandohana, izany hoe mitombo 197,7 miliara Ariary, ka mitsinjara toy izao :

LAHARANA	MINISITERA	SORABOLA TANY AM-PIANDOHANA	FANOVARA		SORABOLA VAVOVAO
			+	-	
<b>11</b>	<b>MAE</b>	<b>54 177 087</b>	<b>7 821 163</b>	<b>524 014</b>	<b>61 474 236</b>
110	Raharaham-bahiny	8 786 053	1 156 963	221 814	9 721 202
111	Raharaham-bahiny - Fandraharahana sy Fandrindrana	45 391 034	6 664 200	302 200	51 753 034
<b>12</b>	<b>MDN</b>	<b>176 425 621</b>	<b>75 675 320</b>	<b>75 675 320</b>	<b>176 425 621</b>
120	Fiarovam-pirenena	92 396 392	30 694 066	30 694 066	92 396 392
121	Fiarovam-pirenena Fandraharahana sy Fandrindrana	9 843 369	7 000	7 000	9 843 369
130	Filaminanana anatiny	74 185 860	44 974 254	44 974 254	74 185 860
<b>14</b>	<b>MID</b>	<b>101 957 037</b>	<b>47 980 838</b>	<b>9 105 238</b>	<b>140 832 637</b>
140	Fandraharahana ny lafin-tany sy ny fanavaozana ny Fitondran-draharaham-panjakana	24 726 229	21 105 238	9 105 238	36 726 229
141	MIINTER - Fandraharahana sy Fandrindrana	6 660 636	16 875 600	0	23 536 236
<b>15</b>	<b>SESI</b>	<b>70 570 172</b>	<b>10 000 000</b>	<b>0</b>	<b>80 570 172</b>
150	Filaminam-bahoaka	57 992 060	21 731 942	21 731 942	57 992 060
151	SESP - Fandraharahana sy Fandrindrana	57 578 809	21 731 942	21 731 942	57 578 809
<b>16</b>	<b>MIN.JUSTICE</b>	<b>413 251</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>413 251</b>
160	Fitsarana	61 786 845	18 471 688	16 471 688	63 786 845
161	MINJUS - Fandraharahana sy Fandrindrana	48 609 129	16 471 688	16 471 688	48 609 129
<b>17</b>	<b>MRFDAT</b>	<b>13 177 716</b>	<b>2 000 000</b>	<b>0</b>	<b>15 177 716</b>
170	Fitsinjaram-pahefana	208 072 714	11 285 560	9 894 075	209 464 199
171	MDAT - Fandraharahana sy Fandrindrana	70 593 313	10 348 704	9 717 219	71 224 798
620	Fanjariana ny Tany	137 479 401	936 856	176 856	138 239 401
<b>21</b>	<b>MFB</b>	<b>393 324 842</b>	<b>271 425 545</b>	<b>226 086 701</b>	<b>438 663 686</b>
210	Fitantanam-bola	44 367 476	8 208 273	6 950 273	45 625 476
211	MFB - Fandraharahana sy Fandrindrana	40 337 925	5 212 352	561 692	44 988 585
230	Teti-bola	308 619 441	258 004 920	218 574 736	348 049 625
<b>25</b>	<b>MECI</b>	<b>30 770 942</b>	<b>2 928 196</b>	<b>2 928 196</b>	<b>30 770 942</b>
250	Toekarena	12 343 161	1 268 856	1 268 856	12 343 161
251	MECI - Fandraharahana sy Fandrindrana	11 210 156	910 254	910 254	11 210 156
280	Sehatra tsy miankina	1 657 622	78 634	78 634	1 657 622
340	Indostria	1 468 981	329 928	329 928	1 468 981
360	Varotra	4 091 022	340 524	340 524	4 091 022
<b>32</b>	<b>MINFOP</b>	<b>7 965 333</b>	<b>711 386</b>	<b>698 386</b>	<b>7 978 333</b>
310	Asa sy ny Lalàna Sosialy	984 742	185 497	185 497	984 742



320	Asam-panjakana	3 749 309	397 048	397 048	3 749 309
321	MINFOPTLS - Fandraharahana sy Fandrindrana	2 157 327	30 225	17 225	2 170 327
330	Fampiasana	1 073 955	98 616	98 616	1 073 955
<b>41</b>	<b>MAEP</b>	<b>263 814 716</b>	<b>44 833 158</b>	<b>10 133 158</b>	<b>298 514 716</b>
410	Fambolena	204 723 079	40 942 406	6 242 406	239 423 079
411	MAEP - Fandraharahana sy Fandrindrana	15 843 601	204 308	204 308	15 843 601
420	Fiompiana	13 141 879	724 543	724 543	13 141 879
430	Jono	30 106 157	2 961 901	2 961 901	30 106 157
<b>44</b>	<b>MEEFT</b>	<b>70 770 679</b>	<b>1 512 307</b>	<b>1 512 307</b>	<b>70 770 679</b>
350	Fizahan-tany	3 089 766	158 423	158 423	3 089 766
440	Tontolo iainana	66 044 733	1 353 884	1 353 884	66 044 733
441	MEEF - Fandraharahana sy Fandrindrana	1 636 180	0	0	1 636 180
<b>51</b>	<b>MEM</b>	<b>172 540 715</b>	<b>72 898 742</b>	<b>56 742 075</b>	<b>188 697 382</b>
510	Angovo	81 368 216	70 543 789	54 308 951	97 603 054
511	MEM - Fandraharahana sy Fandrindrana	1 564 626	965 822	761 758	1 768 690
520	Rano sy ny fanadiovana	73 002 903	926 307	1 254 023	72 675 187
530	Harena an-kibon'ny tany	16 604 970	462 824	417 343	16 650 451
<b>61</b>	<b>MTPM</b>	<b>353 953 430</b>	<b>14 155 184</b>	<b>4 255 184</b>	<b>363 853 430</b>
610	Asa Vaventy	351 588 399	14 149 529	4 249 529	361 488 399
611	MTPT - Fandraharahana sy Fandrindrana	862 096	0	0	862 096
680	Toetrandro	1 502 935	5 655	5 655	1 502 935
<b>63</b>	<b>M.T</b>	<b>76 482 008</b>	<b>14 596 853</b>	<b>4 596 853</b>	<b>86 482 008</b>
630	Fitaterana	75 207 711	14 548 838	4 548 838	85 207 711
631	MT - Fandraharahana sy Fandrindrana	1 274 297	48 015	48 015	1 274 297
<b>66</b>	<b>MTPC</b>	<b>35 017 769</b>	<b>2 289 186</b>	<b>678 786</b>	<b>36 628 169</b>
370	Fifandraisana	20 704 777	2 289 186	678 786	22 315 177
660	Fifandraisan-davitra	14 219 239	0	0	14 219 239
661	MTPC - Fandraharahana sy Fandrindrana	93 753	0	0	93 753
<b>71</b>	<b>MINSANPF</b>	<b>256 040 352</b>	<b>23 563 884</b>	<b>22 763 884</b>	<b>256 840 352</b>
710	Fahasalamana	210 235 285	22 807 491	22 007 491	211 035 285
711	MINSANPF - Fandraharahana sy Fandrindrana	34 382 152	58 301	58 301	34 382 152
720	Fandriandrana ny Fiainam-pianakaviana	3 489 239	16 504	16 504	3 489 239
760	Mponina	3 508 774	648 223	648 223	3 508 774
770	Fiahiana ny mpiara-belona	4 424 902	33 365	33 365	4 424 902
<b>78</b>	<b>MSCL</b>	<b>16 077 241</b>	<b>5 916 086</b>	<b>2 224 086</b>	<b>19 769 241</b>
750	Tanora	1 756 029	6 304	6 304	1 756 029
780	Fanatanjahan-tena	7 621 002	5 632 971	1 940 971	11 313 002
781	MJS - Fandraharahana sy Fandrindrana	1 686 276	0	0	1 686 276
790	Fialamboly	158 596	0	0	158 596
860	Kolontsaina	4 855 338	276 811	276 811	4 855 338
<b>81</b>	<b>MEN</b>	<b>570 493 870</b>	<b>141 657 205</b>	<b>126 657 205</b>	<b>585 493 870</b>
810	Fanabeazana ambaratonga voalohany	431 505 975	120 415 551	105 415 551	446 505 975
811	MENRS - Fandraharahana sy Fandrindrana	13 061 420	439 828	439 828	13 061 420
820	Fanabeazana ambaratonga faharoa ankapobeny	44 495 701	10 141 103	10 141 103	44 495 701
830	Fampianarana arak'asa sy teknika	12 780 044	5 235 393	5 235 393	12 780 044
840	Fampianarana ambaratonga ambony	60 752 487	5 324 903	5 324 903	60 752 487
850	Fikarohana Siantifika	7 898 243	100 427	100 427	7 898 243
-	<b>FITAMBARANY</b>	<b>2 907 663 261</b>	<b>779 454 243</b>	<b>592 679 098</b>	<b>3 094 438 406</b>

Izany hoe ny fitambarany rehetra:

Ariary

KARAZAN-KAONTY	SORABOLA TANY AM-BOALOHANY	FANOVARA		SORABOLA VAOVAO
		+	-	
Zana-bolan'ny trosam-panjakana	192 713 451 000	0	53 054 413 333	139 659 037 667
Enti-manan'ny Andrim-panjakana	146 199 821 000	19 394 930 800	8 582 930 800	157 011 821 000
Enti-manan'ny Minisitara	2 907 663 261 000	779 454 243 000	592 679 098 000	3 094 438 406 000
<b>FITAMBARANY</b>	<b>3 246 576 533 000</b>	<b>798 849 173 800</b>	<b>654 316 442 133</b>	<b>3 391 109 264 667</b>

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

**ANDININY FAHA-6**

Araka ny fitsinjarana hita ao amin'ny tabilao atovana amin'ity lalàna ity, ny andinindiny dia ekena ny fanoratana ny soritr'asa nomen-dàlana ao amin'ny Tetibola ankapobe 2008 izay mitentina **4.880,3 miliara Ariary** mba ho fandaniana ho amin'ny famokarana (Tahirim-bola anatiny, Vola notrosaina avy any ivelany, Fanomezana avy any ivelany, Sandan'ireo entana fanomezana avy any ivelany), raha novinavinaina ho 4.740,3 miliara Ariary izany tany am-piandohana, izany hoe mitombo 140,0 miliara Ariary.

**ANDININY FAHA-7**

Ny fetra faratampon'ny sorabola azo aloa araka ny tabilao atovana amin'ity lalàna ity ao amin'ny Tetibola Ankapobe 2008 dia mitentina **1.681,6 miliara Ariary** mba ho fandaniana ho amin'ny famokarana (Tahirim-bola anatiny, Vola notrosaina avy any ivelany, Fanomezana avy any ivelany, Sandan'ireo entana fanomezana avy any ivelany), raha novinavinaina ho 1.604,2 miliara tany am-piandohana, izany ho mitombo 77,4 miliara Ariary, araka ny tabilao anankina amin'ity lalàna ity.

**ANDININY FAHA-8**

Ny vokatra azo raisina, ny fidiram-bola ary ny fandaniana azo ampiharina amin'ny Tetibola anankina an'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra amin'ny taona 2008 dia novinavinaina ho toy izao :

FANONDROANA	SORABOLA TANY AM-PIANDOHANA	FANOVANA		SORABOLA VAVOVAO
		+	-	
<b>VOLA MIDITRA</b>	<b>4.500.000.000</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>4.500.000.000</b>
- Vola miditra ho fampandehanan-draharaha	4.500.000.000	0	0	4.500.000.000
- Renivola miditra	0	0	0	0
<b>FANDANIANA</b>	<b>4.500.000.000</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>4.500.000.000</b>
- Fandaniana ho fampandehanan-draharaha	4.500.000.000	0	0	4.500.000.000
- Fandaniam-pampiasam-bola	0	0	0	0
.Alàlana handraikitra	0	0	0	0
.Sora-bola fanefana	0	0	0	0

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

**ANDININY FAHA-9**

Ny vokatra azo raisina, ny fidiram-bola ary ny fandaniana azo ampiharina amin'ny Tetibola anankina an'ny Tranom-piritim-pirenena amin'ny taona 2008 dia novinavinaina ho toy izao :

FANONDROANA	SORABOLA TANY AM-PIANDOHANA	FANOVANA		SORABOLA VAVOVAO
		+	-	
<b>VOLA MIDITRA</b>	<b>10.673.210.000</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>10.673.210.000</b>
- Vola miditra ho fampandehanan-draharaha	9.933.210.000	0	0	9.933.210.000
- Renivola miditra	740.000.000	0	0	740.000.000
<b>FANDANIANA</b>	<b>10.673.210.000</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>10.673.210.000</b>
- Fandaniana ho fampandehanan-draharaha	9.933.210.000	0	0	9.933.210.000
- Fandaniam-pampiasam-bola	740.000.000	0	0	740.000.000
.Alàlana handraikitra	740.000.000	0	0	740.000.000
.Sora-bola fanefana	740.000.000	0	0	740.000.000

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

**ANDININY FAHA-10**

Ny fampiasana ny Kaonty manokana ny Tahirim-bolam-Panjakana dia vinavinaina ho **246,5 miliara Ariary** amin'ny vola miditra ary ho **454,7 miliara Ariary** ho an'ny fandaniana araka ny tabilao

atovana amin'ity lalàna ity.

FANONDROANA	SORABOLA TANY AM- PIANDOHANA	FANOVANA		Tapitrisa Ariary
		+	-	SORABOLA VAVOVAO
<b>VOLA MIDITRA</b>	<b>246 477</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>246 477</b>
- kaontim-bola nindramina	92 375	0	0	<b>92 375</b>
- Kaontim-pandraisana anjara	1 426	0	0	<b>1 426</b>
- Kaontim-barotra	152 676	0	0	<b>152 676</b>
<b>VOLA MIVOAKA</b>	<b>438 471</b>	<b>16 200</b>	<b>0</b>	<b>454 671</b>
- kaontim-bola nindramina	20 000	0	0	<b>20 000</b>
- Kaontim-pandraisana anjara	265 795	16 200	0	<b>281 995</b>
- Kaontim-barotra	152 676	0	0	<b>152 676</b>

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

#### ANDININY FAHA-11

Ny Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola ary ny Teti-bola dia omena alàlana amin'ny taona 2008 hanome vola mialoha, fampisamborana ary fandraisana anjara tsy mihoatra ny **302,0 miliara Ariary** araka ny ny tabilao atovana amin'ity lalàna ity.

#### ANDININY FAHA-12

Ny fampiasana ny vola vidin'entana fanomezana avy any ivelany sy izay mitovy lenta amin'izany amin'ny taona 2008 dia vinavinaina ho **3,0 Ariary** amin'ny fandaniana ary **8,6 miliara Ariary** eo amin'ny vola miditra.

#### ANDININY FAHA-13

Ny vinavina ny fampiasana ny trosam-panjakana dia noferana toy izao manaraka izao:

	Miliara Ariary
- eo amin'ny vola miditra	<b>2.471,3</b>
- eo amin'ny fandaniana	<b>1.592,7</b>

#### ANDININY FAHA-14

Ny fifandanjana ankapoben' ny lalàna fanitsiana mifehy ny fitantanam-bola amin'ny taona 2008 dia ferana araka izao tabilao manaraka izao:

**FIFANDANJANA ANKAPOBEN'NY LALANA FANITSIANA  
NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA AMIN'NY TAONA 2008**

**Miliara Ariary**

FANONDROANA	VOLA MIVOAKA			VOLA MIDITRA		
	Lalàna Fototra 2008	Fanovàna + na -	Lalàna Fanitsiana 2008	Lalàna Fototra 2008	Fanovàna + na -	Lalàna Fanitsiana 2008
<b>FIZARANA I</b> <i>TETI-BOLA ANKAPOBE</i>						
a. Lahasa fampandehanan-draharaha	1.642,4	+ 67,2	1.709,6	1.948,2	+ 170,4	2.118,6
b. Lahasam-pamokarana	1.604,2	+ 77,4	1.681,6	596,6	0,0	596,5
<b>FITAMBARAN'NY TETIBOLA ANKAPOBE</b>	<b>3.246,6</b>	<b>+ 144,6</b>	<b>3.391,2</b>	<b>2.544,8</b>	<b>+ 170,4</b>	<b>2.715,2</b>
<i>Hanisisa fizarana I</i>				<b>- 701,8</b>		<b>- 676,0</b>
<b>FIZARANA FAHA II</b> <i>TETIBOLA ANANKINA</i>						
a. Lahasa fampandehanan-draharaha						
b. Lahasam-pamokarana						
<b>FITAMBARAN'NY TETIBOLA ANANKINA</b>						
<i>Hanisisa fizarana II</i>	<b>15,2</b>	<b>0</b>	<b>15,2</b>	<b>15,2</b>	<b>0</b>	<b>15,2</b>
				<b>0</b>		<b>0</b>
<b>FIZARANA FAHA III</b> <i>FAMPIASANA NY KAONTY MANOKANA NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA</i>						
<b>FITAMBARAN'NY FIZARANA FAHA III</b>	<b>438,5</b>	<b>+ 16,2</b>	<b>454,7</b>	<b>246,5</b>	<b>0</b>	<b>246,5</b>
<i>Hanisisa fizarana III</i>	<b>438,5</b>	<b>+ 16,2</b>	<b>454,7</b>	<b>246,5</b>	<b>0</b>	<b>246,5</b>
				<b>- 192,0</b>		<b>- 208,2</b>
<b>FIZARANA FAHA IV</b> <i>FAMPIASANA NY TAMBERIN'NY VIDIN'ENTANA FANOMEZANA AVY ANY IVELANY</i>						
<b>FITAMBARAN'NY FIZARANA FAHA IV</b>	<b>3,0</b>	<b>0</b>	<b>3,0</b>	<b>8,5</b>	<b>+ 0,1</b>	<b>8,6</b>
<i>Hanisisa fizarana IV</i>	<b>3,0</b>	<b>0</b>	<b>3,0</b>	<b>8,5</b>	<b>+ 0,1</b>	<b>8,6</b>
				<b>+ 5,5</b>		<b>+ 5,6</b>
<b>FIZARANA FAHA V</b> <i>FAMPIASANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA</i>						
a.- Trosa natiny fohy ezaka :						
. Fanefana/Fanangonana anatin'ny						
. Bons du Trésor	64,4	- 64,4	0,0	64,4	- 64,4	0,0
. Rafitry ny banky	1.692,9	- 189,0	1.503,9	1.821,7	- 212,0	1.609,7
. Samihafa	125,7	- 97,0	28,7	241,1	- 130,3	110,8
- Trosa ivelany fohy ezaka	14,2	0	14,2			
- Trosa ivelany akaiky sy lavitra ezaka				16,5	- 1,0	15,5
- Fanampiana avy any ivelany	36,9	- 2,6	34,3	572,5	0	572,5
b.- Sisa eo am-pelatanana azo etsehina						
. Famatsiam-bola manokana	7,2	+ 4,4	11,6			
<b>FITAMBARAN'NY FIZARANA FAHA V</b>				<b>113,4</b>	<b>+ 49,4</b>	<b>162,8</b>
<i>Hanisisa fizarana V</i>	<b>1.941,3</b>	<b>- 348,6</b>	<b>1.592,7</b>	<b>2.829,6</b>	<b>- 358,3</b>	<b>2.471,3</b>
<b>FITAMBARAMBENY</b>				<b>+888,3</b>		<b>+878,6</b>
<b>TOTAL GENERAL</b>	<b>5.644,6</b>	<b>- 187,8</b>	<b>5.456,8</b>	<b>5.644,6</b>	<b>- 187,8</b>	<b>5.456,8</b>

**III FEPETRA MANOKANA**



**ANDININY FAHA-15**

Nankatoavina ny didm-panjakana manova ny sorabola ho fampandehanan-draharaha sy famokarana, noraisina nadritra ny taom-pampiharana ny teti-bola 2008, ho fanantanterahana ny andininy faha-19 ao amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 Jolay 2004 mikasika ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

**ANDININY FAHA-16**

Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao. Ho tanterahina izany fa Lalam-panjakana.

Antananarivo, faha- 02 jolay 2008

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,

NY MPITANTSORATRA,

Jacques SYLLA

<b>CODE</b>	<b>SIGLE</b>	<b>DENOMINATION</b>	<b>ANARAN'NY MINISTERA</b>
11	<b>MAE</b>	Ministère des Affaires Etrangères	Ministeran'ny Raharaham-bahiny
12	<b>MDN</b>	Ministère de la Défense Nationale	Ministeran'ny Fiarovam-pirenena
14	<b>MID</b>	Ministère de l'Intérieur et de la Décentralisation	Ministeran'ny Atitany sy ny Fanapariaham-pahefana
15	<b>SESI</b>	Secrétariat d'Etat auprès de la Présidence de la République chargé de la Sécurité Intérieure	Sekretariam-panjakana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Filaminana Anatin'ny
16	<b>MINJUSTICE</b>	Ministère de la Justice	Ministeran'ny Fitsarana
17	<b>MRFDAT</b>	Ministère de la Réforme Foncière, des Domaines et de l'Aménagement du Territoire	Ministeran'ny Fanavaozana ny Fananantany sy ny Fanajariana ny Tany
21	<b>MFB</b>	Ministère des Finances et du Budget	Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola
25	<b>MECI</b>	Ministère de l'Economie, du Commerce et de l'Industrie	Ministeran'ny Toekarena, ny Varotra ary ny Indostria
32	<b>MINFOP</b>	Ministère de la Fonction Publique	Ministeran'ny Asam-panjakana
41	<b>MAEP</b>	Ministère de l'Agriculture, de l'Elevage et de la Pêche	Ministeran'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono
44	<b>MEEFT</b>	Ministère de l'Environnement, des Eaux et Forêts et du Tourisme	Ministeran'ny Tontolo iainana, ny Rano sy ny Ala ary ny Fizahantany
51	<b>MEM</b>	Ministère de l'Energie et des Mines	Ministeran'ny Angovo sy ny Harena ankibon'ny tany
61	<b>MTPM</b>	Ministère des Travaux Publics et de la Météorologie	Ministeran'ny Asa Vaventy sy ny Toetrandro
63	<b>MT</b>	Ministère des Transports	Ministeran'ny Fitaterana
66	<b>MTPC</b>	Ministère des Télécommunication, des Poste et de la Communication	Ministeran'ny Fifandraisan-davitra, ny Paositra ary ny Fifandraisana
71	<b>MINSAN</b>	Ministère de la Santé	Ministeran'ny Fahasalamana
78	<b>MSCL</b>	Ministère des Sports, de la Culture et des Loisirs	Ministeran'ny Fanatanjahatena, ny Kolontsaina ary ny Fialamboly
81	<b>MEN</b>	Ministère de l'Education Nationale	Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena

REOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA - 017/2008  
TAMIN'NY 18 JONA 2008  
MOMBA NY LALANA FANITSIANA NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA  
AMIN'NY TAONA 2008



**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Miditra amin'ny dingana fanafainganana sy fanatsarana ny asa fandrindràna ny fampandrosoana ara-toekarena i Madagasikara ankehitriny. Ny taona 2007 no taona fanomboan'ny Madagasikara Amperin'Asa (MAP), ary miaraka amin'izany ny famolavolana ireo fitaovam-pandrindrana sy fanaraha-maso ny MAP. Anisan'izany ny fametrahana ny Rafi-pirenena hiombonana ho fanaraha-maso sy fanombanan'ezaka na ny SNISE, ary ny Planina Fampiarana ny MAP na ny PMO MAP. Mba ahatratarana ireo tanjona enti-manatratra ny fitombona toekarena ambony sy tsara fototra, ary enti-mampihena ny fahantrana, ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2008 tany ampiandohana dia mibanjina amin'ny toetoetry tsara ny fihariana amin'ny ankapobeny sy ny fampidiran-ketra. Tsara marihina fa ny MAP no lasitra entina hamolavolana ny Tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2007-2011.

Kanefa ny fitrangan-javatra ivelany nandritry ny telo volana voalohan' ny taona 2008 dia nanova ny toetry ny fihariankarena teto an-toerana. Anisan'izany ny fiakarana ambony loatra ny vidin'ny solika eo amin'ny tsena iraisam-pirenena, ary koa ny fiantraikany ara-toekarena ny fandalovan' ireo rivo-doza Ivan, sy Fame. Izany dia mitarika fanitsiana amin'ireo tanjona napetraka amin'ny fitantanana ara-toekarena tany ampiandohana. Ny fiovana amin'ny fifandanjana ara-tetibola no votoanton' ny fanitsiana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2008 ity.

***Ny Fivoaranan'ny toekarena tao ho ato***

Ny tahatombon'ny harinkarena faobe tamin'ny taona 2007 dia nahatratra 6,2% raha novinavinaina ho 5,6% noho ny fitombon'ny fampiasam-bola nataon'ny tsy miankina, ary koa noho ny fiatsaran'ny fanondranana entana. Ny fampiasam-bola tamin'ny taona 2007 dia nahatratra 27,3%-n'ny harikarena faobe ka ny 7,6% fampiasam-bolam-panjakana ary ny 19,7% avy amin'ny sehatra tsy miankina. Ny taham-pisondrotan'ny vidim-piainana kosa dia nihena satria raha 10,8% izany tamin'ny faran'ny taona 2006 dia 8,2% tamin'ny faran'ny taona 2007. Izany dia vokatry ny fampiharana politika malina momba ny vola izay mifanaraka amin'ny politika momba ny tetibola voafetra.

Eo amin'ny sehatra ivelany dia niakatra 13,7% raha kajiana amin'ny DTS ny fanondranana entana ho an'ny taona 2007. Ny fanafarana entana kosa dia nitombo 29,3% noho ny Ariary nahazo lanja nandritry ny telo volana faharoa. Io fahazoan-dajan'ny Ariary io dia avy amin'ny fihenana-danjan'ny Euro eo amin'ny tsenam-bola iraisam-pirenena, raha oharina amin'ny dolara. Marihina fa ny vola miditra avy amin'ny fanondranana entana dia azo avy amin'ny vokatry ny asa tàmàna, ny entana vita amin'ny lamba vokarin'ireo orinasa hafa-kaba, ny voly fanondrana toy ny kafe sy ny jirofo, ny voankazo ary indrindra indrindra avy amin'ny fanondranana makamba mankany Etazonia sy mankany amin'ny vondrona eraopeana.

Raha ny momba ny fitantanam-bola indray, ny fandaniambola dia mahatratra 18,6% raha oharina amin'ny harinkarena faobe na 2.570 miliara ariary. Ny fandaniana an-davanandro dia mahatratra 1.520,1 miliara ariary na 11,0% n'ny harikarena faobe ka ny 711,2 miliara dia natokana ho an'ny karama. Ny fampiasam-bola ataon'ny fanjakana dia mahatratra 1.049,9 miliara ariary na 7,6% n'ny harinkarena faobe. Raha ny mikasika ny vola miditra indray, ny tahan'ny tsindrin-ketra dia 11,4% na 1.573,1 miliara ariary. Noho izany, ny fatiantoka amin'ny tetibolam-panjakana dia mahatratra 392,8 miliara ariary na 2,8% n'ny harikarena faobe.

Maro ireo trangan-javatra nampihisatra ny toekaren'i Madagasikara nandritry ny efa-bolana voalohany tamin'ity taona 2008 ity. Rivo-doza indroa nandrava ny ankamaroan'ny faritra teto Madagasikara izay nahatonga fahavoazana teo amin'ny toekarena sy fiarahamonina. Andanin'izany, nihoatra ny 100 doalara ny vidin'ny baril amin'ny solika teo amin'ny tsena iraisam-pirenena, izay nisy akony tokoa tamin'ny tsena anatin'ny.

Amin'ny ankapobeny, ny vidin'entana ho an'ny mpanjifa dia tsy niova firy teo anelanelan'ny volana Desambra 2007 ka hatramin'ny volana Aprily 2008 noho ny fitomboan'ny voka-bary. Na izany aza anefa, ny sandan'ny angovo dia tsy nitsahatra niakatra ary tamin'ny volana Aprily dia nahatratra 7,2% ny fitomboany raha oharina amin'io vanim-potoana io tamin'ny taona lasa.

Raha ny momba ny fivoaran'ny sandam-pifanakalozam-bola vahiny indray, ny Ariary dia niahatsara 0,3% raha ampitahaina amin'ny Euro ary 7,1% raha ampitahaina amin'ny Dolara, teo anelanelan'ny volana Janoary ka hatramin'ny Avril 2008. Izany dia vokatry ny fitotongan'ny Dolara raha mihoatra amin'ny Euro eo amin'ny tsena iraisam-pirenena ary vokatry ny vola vahiny nampidirin'ny orinasa QMM sy SHERITT.

### ***Vinavina ara-toekarena ho amin'ny taona 2008***

Ireo fandaharanasa ara-toekarena voafaritry ny Lalàna voalohany mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2008 dia misy fiovana noho ny fiantraikan'ireo zava-nitranga goavana teo amin'ny sehatry ny toe-karena nandritry ny telo volana voalohany.

Ny taha-pitomboan'ny harikarena faobe ho amin'ny taona 2008 dia nahitsy ho 7,0% raha 7,3% no tanjona novinavinaina tao amin'ny lalàna voalohany mifehy ny fitantanam-bola. Io fihenana io dia avy amin'ny voka-dratsin'ny fiakaran'ny vidin'ny solika eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ary koa vokat'ireo loza voajanahary (Rivo-doza Yvan sy Fame) ka nisy fiantraikany ratsy tamin'ny vokatry ny fambolena. Nahena araka izany ihany koa ny tanjona amin'ny taha-pitomboan'ny sehatrasa voalohany sy faharoa fa nampiakarina kosa ny tanjona amin'ny sehatrasa fahatelo, vokatry ny fidiran'ny fampiasam-bola mivantana avy any ivelany. Ambony kokoa noho ny vinavina ny fitombon'ny vidim-piainana izay refesina amin'ny alalan'ny fiovaovan'ny tondrom-bidy ka lasa 10% izany raha 7,0% no novinavinaina teo aloha. Ny sandan'ny fanafarana entana amin'ny DTS dia nahatsapana fitomboana ka lasa 2.104 tapitrisa DTS, raha 1.994 tapitrisa DTS no vinavina, izany dia mitarika fatiantoka eo amin'ny fifanakalozana tsotra izay misanda ho 22,9% amin'ny harikarena faobe (voakasik'izany ny famindrana tsotra).

Eo amin'ny fitantanam-bolam-panjakana, manamarika ny taona 2008 ny fahavononan'ny governemanta hifehy ny fandaniam-bolam-panjakana sy ny fampitomboana ny fidiram-bola avy amin'ny hetra amin'ny alalan'ny fanohizana sy fanamafisana ireo fanavaozana ny fitantanana ny fitantanam-bolam-panjakana izay efa natomboka efa taona vitsivitsy izao.



Ho an'ny fandaniam-bolam-panjakana dia atao mifandraika amin'ny zavamisy ny vinavina ary ampifanarahana amin'ny vola mety hiditra amin'ny fanjakana. Noho ireo olana nidona tamin'ny toe-karena tany am-piandohan'ny taona sy ireo hahamehana tsy azo hihodivirana izay tsy maintsy hatrehan'ny Governementa amin'ity taonan-tetibola 2008 ity dia asiam-panovana ny ankamaroan'ny sora-bola tao amin'ny Lalàna voalohany mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Izany fanovana izany dia hitondra amin'ny fifandanjana vaovao eo amin'ny tetibolam-panjakana izay raiketiny Lalàna manitsy ny fitantanam-bolampanjakana ity. Araka izany dia hahatratra 3 422,2 miliara Ariary ny fandaniam-bolam-panjakana ny taona 2008 raha novinavinaina ho 3 302,8 miliara Ariary izany tany am-boalohany. Noho izany dia hitentina 707,3 miliara Ariary ny fatiantoka ankapobeny (teo am-panefana) amin'ny teti-bolam-panjakana raha 771,5 miliara Ariary izany tamin'ny Lalàna voalohany mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana izay mifandraika tsirairay avy amin'ny 4,4%ny hari-karena faobe sy 4,9%ny hari-karena faobe.

## **A - NY VOLA MIDITRA :**

### **NY HETRA**

#### **HETRA ANATINY**

Raha ny momba ny hetra anatin'ny, ireto fepetra manaraka ireto dia noraisina mba hanohizana ireo dingana amin'ny fandanalanjana ny rafitra ara-ketra sy hahatonga azy hifanaraka tsara amin'ireo tanjona ara-pahombiazana sy amin'ny mangarahara.

- Fanitsiana, na fanafoanana mihitsy ireo lazam-bidy sasantsasany (DA, Hajia, ...)
- fampanarahan-dalàna entitra kokoa ny fepetra fanarahamaso ny vokatry misy alikaola
- Fampitoviana ny fombafomba arahina amin'ny fampidiram-bola avy amin'ny fifanolanana
- Fanazavana ireo fombafomba ara-panjakana sasan-tsasany
- Fanitsiana ireo diso

Na izany aza nefa, mba hahafahana manalefaka ny fidangan'ny vidin'ny entana dia vinavinaina ho hahafahana vonjimaika amin'ny TVA ny solika fandrehitra sy ny vary.

### **NY FADITSERANANA**

#### **MOMBA NY FEHEZAN-DALAN'NY FADITSERANANA**

Ny fanatanterahana ny tanjon'ny MAP hahatongavana amin'ny fampintomboana ny harinkarena dia mitaky avy amin'ireo mpandraharaha ara-toe-karena rehetra fitaovana ahafahany manome fahafaham-po ny tinady eto an-toerana miaraka amin'ny fahafahana mifaninana eo amin'ny sehatry ny varotra iraisam-pirenena. Noho izany, ary mba hanomezana tontolo ara-toe-karena manampy ny sehatra tsy miankina, ny Sampam-draharahan'ny faditseranana dia manisy fanitsiana ireo fepetra mahakasika ny sata ara-toe-karena. Araka izany dia asiana fanitsiana ireo andininy sasany ao amin'ny sata momba ny fampidirana ny entana tsy maharitra ho amin'ny fanatsarana ny ho enti-mihetsika.

#### **MOMBA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADITSERANANA**

Manoloana ny tsy fahapian-tsakafo mitatao eo amin'izao tontolo izao dia tsy maintsy mampitombo ny vokatry ara-pamboleny i Madagasikara. Izany no tsy maintsy hampiasana ny milina ho enti-mamokatra. Mba hanampiana ny sehatry ny fambolena dia nofoanana ny haba sy ny hetra takiana amin'ny fanafarana milina sy kojakoja sasantsasany ilaina.

Ho fampiharana ireo fepetra voalazan'ny Fehezan-dalana Ankapobe momba ny Hetra, ireo fanafarana solika fandrehitra sy vary dia tsy hakana ny TVA.

Ankoatra izany, misy fanovana vitsivitsy natao amin'ny lazam-bidin'ny faditseranana noho ireo fahadisoana teo amin'ny fandikana an-tsoatra.

## **B.- NY FANDANIAM-BOLA**

## **1.- Ny manodidina ny fandania**

Raha ny momba ny fandania voalaza ao amin'ny tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana 2008, ny tanjona fototra ho an'ny Governemanta dia ny fanohizana ny fampiharana ireo fepetra manandanja enti-manarina ny firenena sy enti-manohana ireo paikadim-pampandrosoana maharitra mba hahafahana mampihena ny fahantrana.

Noho izany, ireto manaraka ireto ny laharam-pahamehana :

- Fampifanitsiana ny fandania noraiketina amin'ny fanamby napetraky ny Madagasikara Am-Perinasa (MAP),
- Fampidirana ao anaty teti-bolam-panjakana ny fandania mifanaraka amin'ny zavamisy sy ny vola miditra,
- Fanamafisana orina ireo tombontsoa azo amin'ny rafitra vaovao momba ny teti-bola,
- Fanatsarana ny fandaharanasa fanavaozana ny fitantanam-panjakana amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fampiharana ireo fepetra voalazan'ny Lalana Fehizoro momba ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bola ny Fehezan-dalàna momba ny tsenandraharam-panjakana ary ireo rijan-teny mifanaraka amin'izany sy amin'ny alalan'ny faminavinana ny fampihenana ny fatiantoky ny teti-bolam-panjakana,
- Fanamafisana ny fahaiza-manao momba ny fanaraha-maso,
- Fampiharana ny politikam-panjakana momba ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanapariaham-pahefana eny anivon'ny faritra izay miantoka ny fivoarana sy fifamatoran'ireo sehatrasa.

Nisy fivoarana lehibe teo amin'ny fitantanam-bolam-panjakana tamin'ny fiandohan'ny taona 2008. Raha ny mikasika ny loharanom-bolan'ny fanjakana dia nisy vola miditra vaovao azo avy amin'ny fiakaran'ny vidin'ny solika teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Misy koa loharanom-bola hafa izay fanampiana ara-bola azo kanefa ny takalon'ireo findramam-bola amin'ny Ariary dia nihena noho ny fihatsaran'ny sandam-bola eto an-toerana.

Noho ireo antony ireo dia nahitsy ny firafitry ny fandaniam-bolam-panjakana. Ny olana aratsakafo eran'izao tontolo izao sy ny fiakaran'ny vidin'ny solika tsy misy fiafarany eo amin'ny tsena iraisam-pirenena dia nitarika koa fandania tsy azon'ny Governemanta ialàna izay tsy voasoratra tamin'ny lalàna voalohany mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana. Ampitomboana araka izany ny fandaniam-bolam-panjakana. Noho izany ireo sora-bola voalaza ao amin'ny lalàna voalohany momba ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2008 dia ahitsy ary hanome fifandanjana vaovao izay antony anaovana izao lalàna fanitsiana ny fitantanam-bola izao.

Ny fitomboan'ireo loharanom-bola, indrindra ireo vola miditra avy amin'ny faditseranana sy ny fanampiana ara-tetibola dia mahatratra 216,4 miliara ariary. Ireo loharanom-bola vaovao ireo dia ampiasaina indrindra amin'ireo fandania izay voasokajy ho laharam-pahamehana.

Amin'ny ankapobeny, ny fatiantoky ny fanjakana dia nihena ho 4,4% n'ny harikarena faobe amin'ity lalàna fanitsiana ny fitantanam-bolam-panjakana ity raha 4,9% izany tamin'ny lalàna voalohany mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2008.

## **2.- Karama**

Tsy voavina tao anaty lalàna voalohany mifehy ny tetibolam-panjakana 2008 ny karaman'ny mpiasam-panjakana sasany izay tsy azo ihodivirana. Mahatonga ny fanovana ny mari-bola izay natokana ho an'izany ka hosoratana ao anaty lalàna fanitsiana mifehy ny tetibolam-panjakana 2008.

Nahatratra 815,5 miliara Ariary ny fandania natokana an'ny karama raha toa ka 810,6 miliara Ariary izany teo aloha. Izany hoe: nisy fitomboana 4,9 miliara Ariary. Natokana indrindra izany hanefana :

- Ao amin'ny Minisiteran'ny fanavaozana momba ny tany sy fananan-tany ary fanajariana ny tany izay marihina fa minisitera vao nisy taorian'ny fanovana ny rafitry ny governemanta : karaman'ny mpiasa mitentina 631 tapitrisa Ariary,
- Ao amin'ny Ministeran'ny fitsarana : 2 miliara Ariary handoavana ireo «rappel» ho an'ireo

mpirakidraharahan'ny fitsarana

- Ao amin'ny fiadidiana ny repoblika : karama sy tambin-karaman'ny mpiasa ao amin'ny sampan-draharaha misahana ny fanaraha-maso ankapoben'ny fanjakana 200 tapitrisa Ariary ary 50 tapitrisa Ariary karaman'ny SAMIFIN.

### **3.- Ny fandaniahana momba ny fampandehanan-draharaha ivelan'ny karama**

Voakasiky ny fanamboarana ny vinavina ara-toe-bola ity ny fandaniahana hatao ho fampandehanan-draharaha ivelan'ny karama izany hoe momba ny entana sy raharaha ary famindram-bola. Hitombo izany fandaniahana izany ho fampandehanan-draharaha izay tsy voavina tao anatin'ny lalàna voalohany mifehy ny tetibolam-panjakana 2008.

Ny fandaniahana natokana ho fampandehanan-draharaha ivelan'ny karama dia mitentina 755,2 miliara Ariary ao anaty lalàna fanitsiana ny tetibolam-panjakana 2008 raha 639 miliara Ariary izany tao anaty lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana 2008.

Io fitomboana io dia ahafahana miatrika ny fiakaran'ny vidin-tsolika eo amin'ny tsena iraisam-pirenena, ny fandraisana ny Fihaonambe ny Vondrona Afrikana amin'ny 2009, ny fanohanana ara-bola ny fanatanterahana ny laharam-pahamehan'ny fanjakana izay anisan'ny nomen-danja ato amin'ny lalàna fanitsiana ny tetibolam-panjakana 2008. Toy izao amin'ny ankapobeny ny fitsinjarana io fitomboana io :

- mikasika ny entana sy raharaha: 51,5 miliara Ariary natokana ho an'izany ka hita ao ny:
  - 3,6 miliara Ariary mba hanamaivanana ny vokatry ny fiakaran'ny vidin-tsolika eo amin'ny filàn'ny fanjakana,
  - 5 miliara Ariary hanomanana ny fandraisana ny Fivorian'ny Firaisam-be Afrikana,
  - 32 miliara Ariary hanefana ireo fandaniahana jiro ry rano, anatin'izany ny fandanian'ny oniversite,
  - 760 tapitrisa Ariary natokana ho fampandehanan-draharaha ao amin'ny minisiteran'ny fanavaozana momba ny tany sy fananan-tany ary fanajariana ny tany.
  - 799 tapitrisa Ariary natao ho fampandehanan-draharaha ao amin'ny ministerana'ny ati-tany sy fitsinjaram-pahefana,
  - 1,5 miliara Ariary nalefa any amin'ny Antenimieran-doholona ary 2,9 miliara Ariary natokana ho an'ny Antenimieram-pirenena.
- mikasika ny famindram-bola sy ny fanohanana ara-bola : 64,8 miliara Ariary no natokana ho an'izany, ka hita ao ny:
  - 12,9 miliara Ariary izay takalo mitovy amin'ny 8 tapitrisa dolara amerikanina, ho fanatanterahana ny fisintahan'ny fanjakana amin'ny TELMA,
  - 40 miliara Ariary ho fanohanana ara-bola ny lafiny ara-tsosialy, ka:
    - HIMO: 5 miliara Ariary
    - Voly vary avotra: 15 miliara Ariary
    - Fitaterana antanandehibe: 10 miliara Ariary
    - Fanarenana ara-tsakafo an-tsekoly: 10 miliara Ariary
  - 4 miliara Ariary eo ho eo hanefana ireo trosan'ny COJI sy Sirama,
  - 5 miliara Ariary natokana ho an'ny mpiasa niala an-tsitra-po (Tafa),
  - 1 miliara Ariary itsinjovana ny voina sy loza voajanahary,
  - famindram-bola 10,9 miliara Ariary ho an'ny fitsinjaram-pahefana.

### **4.- Ny fandaniahana ho amin'ny famokarana**

NY FANDAHARAN'ASAN'NY FAMPIASAM-BOLAM-PANJAKANA (FFBP)

Ny Fandaharan'Asan'ny Fampiasam-Bolam-Panjakana (FFBP) dia mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny Madagasikara Am-Perin'asa. Ho an'ny taona 2008, ny sori-dalana lehiben'ny FFBP dia mikasika ny fanohizana ny fanamboarana sy/na fanarenana ny foto-drafitr'asa ilaina amin'ny sehatr'asa maro, ny fanohizana ireo asa misy fiantraikany mivantana eo anivon'ny vahoaka, ny fampaharetana ny fampiasam-bola natao, ny fametrahana ny politikan'ny fitsinjaraham-pahefana sy fanapariaham-pahefana, ny fampiroboroana ny sehatra tsy miankina izay tena hery lehibe manosika

ny fampandrosoana ara-toe-karena ary ny fanohizana ny fanjakana tsara tantana.

Amin'ny ankapobeny, ny fampiasam-bolam-panjakana dia nahitana fison-drotana 77,3 miliara Ariary eo anivon'ny loharanom-bola antiny. Ny 68,7 %n'ny sora-bola natokana ho an'ny FFBP dia avy amin-ny loharanom-bola ivelany.

Ao anatin'ny fanatsarana ny fitantanam-bolam-panjakana, ny fanefana ireo trosa avy amin'ny tataon-ketra (TVA) sy loharanom-bola anatin'ny (RPI) dia natevenina kokoa. Ny Teti-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2008 dia mamatsy vola fanampiny izay mitentina 5,0 miliara Ariary ao amin'ny Ministeran'ny Asa Vaventy sy Famantarana ny Toetr'andro ary 16,2 miliara Ariary ho an'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Harena Ankibon'ny Tany ho fampitomboana ny famokarana angovo, 19,7 miliara Ariary ho an'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Jono ho fampitomboana ny famokarana sakafo, 5,8 miliara Ariary ho an'ny Misiteran'ny Fahasalamana sy ny Fandrindrahampianakaviana sy ho an'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena ary 25,0 miliara Ariary ho an'ny Minisiteran'ny Vola sy Teti-bola mba hanefana ireo trosam-panjakana.

### *Fampiasam-bolam-panjakana ao anivon'ny Faritra*

Ao anatin'ny politikam-pirenena momba ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanapariaham-pahefana, ary hametrahana ireo faritra ho fototra iaingan'ny fampandrosoana sy ho fandraisan'izy ireo anjara andraikitra feno amin'ny fanatanterahana ny Madagasikara Am-Perinasa, dia sorabola mitentina 106,9 miliara Ariary no tantanina eny anivon'ny faritra hanatanterahana ireo tetik'asam-pampiasam-bolam-panjakana. Misy vola 16,5 miliara Ar sy 5,6 miliara Ar avy amin'ny Ministera misahana ny Fambolena sy ny Ministera misahan'ny Asa Vaventy izay mahatratra 68%n'ny sorabola avy amin'ny famatsiam-bola anitiny tantanin'ireo faritra dia atokana indrindra mba hanatanterahana ny fandaharanasa fampitomboana avo roa heny ny vokatra ara-pambolena hatramin'ny taona 2009.

Ny tabilao manaraka dia mampiseho ny fitsinjarana sy fivoarana isaky ny sehatra ny FFBP raha oharina amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2008 tany ampiandohana.

### **Ny fitsinjarana sy 'ny fampitahana FFBNF taona 2008**

Sehatra/ Vola	Teti-bola voalohany 2008		Teti-bola-fanitsiana 2008	
	Ivelany	Anatiny	Ivelany	Anatiny
Fotodrafitr'asa	540 363 680	127 279 525	540 363 680	153 249 525
Sosialy	278 419 500	103 495 881	278 419 500	109 295 881
Famokarana	226 160 320	85 744 588	226 160 320	105 444 588
Fitantanam-draharaha	124 166 500	138 600 006	124 166 500	164 475 006
<b>Fitambarany</b>	<b>1 169 110 000</b>	<b>455 120 000</b>	<b>1 169 110 000</b>	<b>531 590 000</b>

### **NY FFBP ISAKY NY KARAZANA SEHATRASA**

#### **Sehatra Fotodrafitr'asa**

Sehatra laharam-pahamehana ary mahazo ny 40,7 % n'ny fitambaran'ny volan'ny FFBP.

Ny fandaharan'asa / tetik'asa mandrafitra azy dia manamafy hatrany ny vokatra azo teo aloha amin'ny lafiny fahafahan'ny vahoaka mampiasa ny fotodrafitr'asa amin'ny maha rantsana mangaika ny fampandrosoana azy. Azo tanisaina amin'izany ny asa fanamboarana sy ny fanarenana ny lalam-pirenena faha-6 (Bekoratsaka - Ambanja) sy faha-43 ( Sambaina - Faratsiho - Soavinandriana Itasy) ary koa ny lalam-pirenena faha-34 (Miandrivazo - Malaimbandy) sy faha-35 (Mahabo - Morondava), sns .....

Mitohy ny asa fikojakoana ny fotodrafitr'asa ao anatin'ny Sehatra ( Fandaharan'asam-pirenena fikojakoana ny lalana (PNER) , Fandaharan'asam-pirenena fikojakoana ny tetezana sy famohan-drano (PNOA ) izay ho tantanan'ny Faritra.

Ny fananganana Toeram-pivoriana Iraisam-pirenena iray sy Trano Fandraisam-bahiny iray misalotra ny kintana 5 dia tafiditra ao anatin'ny fandaharan'asa taona 2008 mba handraisana ny fivoriamben'ny Firaisambe Afrikana amin'ny taona 2009.

Anisan'ny zavatra misongadina amin'ity Teti-bola nasiam-panitsiana ity dia ny fanoratana sora-bola fanampiny mba hanefana ny tosa avy amin'ny tataon-ketra (TVA) sy hanampiana ny loharanom-bolan'ny Fanjakana madiodio (RPI) ao amin'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy.

### **Sehatra Sosialy**

Ny Sehatra Sosialy dia fitambaran'ireo hetsika rehetra mikasika ny Fanabeazana, ny Fahasalamana sy ny Fanatanjahantena ary ireo asa misy fiantraikany mivantana amin'ny mponina. Io sehatra io dia mahazo fanohanana mahatratra 22,8 %n' ny volan'ny FFBP.

Eo amin'ny lafin'ny Fanabeazana, ny Fitondram-panjakana dia mampiseho ny finiavany mba hanohy ny ezaka natao izay mikendry ny hanatsarana ny rafi-panabeazana : fanorenana/fanarenana efitrano fianarana, fampitaovana azy ireo, fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpiasa « Fandaharan'asa fanabeazana ho an'ny rehetra ».

Mikasika ny sehatra "Fahasalamana", ny fanorenana, ny fanarenana sy ny fampitaovana ireo tobim-pahasalamana dia maneho ny ezaka hanamafy orina hatrany io sehatra Fahasalamana io. Izany dia mikendry mandrakariva ny fanatsarana ny fahafahan'ny vahoaka mahazo fitsaboana tsara.

Ambonin'izany, ny fandaharan'asa amin'ny ady atao amin'ny areti-mifindra toy ny VIH/SIDA sy ny tsy mifindra dia mbola mijanona ho vaindohan-draharahan'ny Fanjakana .

Eo amin'ny lafin'ny fanatanjahantena, ny FFBP nasiam-panitsiana 2008 dia mitsinjo ny fanamafisana ireo fotodrafitr'asa ara-panatanjahantena any amin'ny Faritra.

Farany dia hamafisina ireo asa misy fiantraikany mivantana amin'ny mponina amin'ny alalan'ny Tetik'asa Sosialy, toy ny « Foibem-pirenena Fanjarian-tsakafo » (O.N.N) sy ny « Tahiry ho amin'ny Fampandrosoana » (F.I.D).

### **Ny Sehatra Famokarana**

Ny Sehatra Famokarana dia fitambaran'ny hetsika rehetra mikasika ny fambolena, ny fiompiana, ny jono, ny indostria, ny asa-tanana, ny harena an-kibon'ny tany, ny fizahantany ary ny tontolo iainana. 19,5%n' ny sora-bola ao amin'ny FFBP no azon'io sehatra io.

Ny fanatanterahana ny fiovana maitso lehibe, ny famokarana foibe vaovao momba ny "agribusiness" ary ny fanamorana ny fahazoan'ny mpamokatra miditra amin'ny fisamboram-bola no fototra matanjaka ijoroan'ny fampandrosoana maharitra ny eny ambanivohitra. Ny fandaharan'asa Sahandriaka sy Lemaka Voatondraka (BVPI), PSDR ary ny Fampiroboroboana ny Fidiram-bolan'ny Tantsaha dia mandray anjara amin'ny fampitomboana ny vokatra vary ho avo roa heny.

Hamafisina ny fanohanana ny zotram-pamokarana hena sy ronono ary ny fampiroboroboana ny famokarana an-dranomasina.

Ny asa eo amin'ny sehatry ny tontolo iainana dia mitodika amin'ny fampitomboana ny velaran'ny valan-java-boahary arovana, mifanaraka amin'ny fanambaran'ny Durban, ny fampiroboroboana ny fizahan-tany ary ny fambolena-kazo.

Hamafisina ny tantsoroka teknika eo amin'ny sehatra "harena an-kibon'ny tany" mba hitondra tombony sy hahomby ny fitrandrahana ireo loharanon-karena an-kibon'ny tany ireo.

### **Ny Sehatra Fitantanan-draharaha**

Ny sehatra Fitantanan-draharaha dia voavatsy ara-bola eo amin' ny 17,0 %n' ny volan'ny FFBP.

Ny asa atao dia marolafy toy ny fanarenana sy fanorenana tranon-panjakana, ny fanohanana ara-drafitra ka ny asa atao amin'izany dia mifantoka indrindra amin'ny ady amin'ny kolikoly. Ny tanjona andrasana amin'izany dia mikendry indrindra ny fanantanterahana ny Fitantanana Tomponandraikitra, izay teny ifanomezana lohalaharana ao amin'ny Madagasikara Am-Perin'asa (MAP).

Ny tetikasa eo amin'ity sehatra ity dia manohy ny asa amin'ny lafiny fanadiovana ny fitantanambolam-panjakana amin'ny alalan'ny ny fanefana ireo trosam-panjakana tsy voaloha sy ny fampiharana ireo karazam-panavaozana ny rafi-pitantanam-bolam-panjakana.

Ny taona 2008 dia ahitana manokana ny fandraisana anjara feno ataon'ny Faritra isan-tokony, tompon'andraikitra amin'ny famolavolany, fandaharany ary ny fanatanterahany ny Teti-bolan'ny Faritra sy ny Teti-bola-panjakana. Ao anatin'izany no handraisan'ny Sehatra Fitantanana-draharaha ny fampitana ny loharanom-bola, ny fitaovana ary ny fahaiza-manao ho amin'ireo vondro-paritra rehetra.

Ao anatin'ny Politikam-pirenenena momba ny fitsinjaram-pahefana sy fanapariaham-pahefana (PN2D), anisan'ny fanohanana ny Faritra ny fisian'ny tetik'asa vitsivitsy voasoratra ao amin'ny FFBP 2008 toy ny "Tahiry Fampandrosoana eo an-toerana, ny Fanohanana ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana", sns ....

Ankoatr'izany ny minisitera dia mampiankina amin'ny Faritra ny fitantanana sy ny fampandehanana ireo tetik'asa fampiasam-bolam-panjakana. Ny Faritra tsirairay dia hitantana tetik'asa fampiasam-bolam-panjakana mihoatra ny folo amin'ny taona 2008.

## **D- NY TROSAM-PANJAKANA**

### **TROSA IVELANY**

Ao anatin'ity fandrindrana ny tetibola ity, ny trosa ivelany dia nihena raha oharina tamin'ny vinavina voalohany nohon'ny fihatsaran'ny sandam-bola Ariary. Araka izany, ny trosa ivelany dia hitentina 58,7 miliara Ariary, izany hoe nisy fihenana 10,4 miliara, ary mitsinjara ho 24,4 miliara Ariary ho an'ny zana-bola ary 34,3 miliara ho an'ny famerenana ny renivola.

### **TROSA ANATINY**

Misy fihenana lehibe izay mitentina 45 miliara Ariary ihany koa hita eo amin'ny zana-bola amin'ny trosa anatiny noho ny fidinana tsy niato teo amin'ny tahan'ny zana-bola teo amin'ny tsenan'ny "bons du Trésor par adjudication", sy ny vokatry ny fihenana'ny antontan-trosa mikasika ny "bons du Trésor par adjudication".

## **E- NY KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAMPANJAKANA**

Ny fiovana ao amin'ny kaonty manokan'ny Tahirim-bolampanjakana dia mikasika ny kaontin'ny fandraisan'anjara izay misondrotra 16,2 miliara Ariary mifandraika amin'ny fandraisan'anjaran'ny fanjakana amin'ny renivolan'ny orin'asa Air Madagascar.

## **E- NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY**

Ny kajy mikasika ny vola ateraky ny fanomezana sy ny fanampiana avy any ivelany dia tsy ahitana fiovana firy raha oharina amin'ny lalàna momba ny tetibolam-panjakana voalohany.

## **G- NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA**

Ao amin'ny lafiny anatiny, ny kaontin'ny renivola dia voamariky ny zavatra roa lehibe:

- Ny fihenana'ny fanaovana "bons du Trésor par adjudication" izay voadikan'ny fihenana'ny antontan-trosa, eo ankilany,
- Ary ny fanapahan-kevitra ny fanjakana tsy haka avansy amin'ny Banky foibe, eo andaniny.

Ny famatsiam-bola avy any ivelany dia ahitana fanampiana fanampiny avy amin'ny Banky iraisam-pirenena sy ny Banky Afrikana ho an'ny fampanandrosoana izay mitentina isan'isany 10 millions dolara sy 15 millions DTS. Marihina fa ny Banky iraisam-pirenena dia mbola nanome fanampiana ara-teti-bola 10 millions dolara, miendrika fanomezana, mba ho entina matrika ny krizy ara-tsakafo.

Ankilan'izany anefa, ny kitapom-bola ho famatsiana ireo tetikasa dia hisy fihenana mahatratra 76,2 miliara Ariary noho ny fiakaran'ny sandany Ariary sy ny fampanarahana toetr'andro ireo fisarihana momba ny fitrosana ivelany.

Toy izany sy toy izany no antonanton'izao Volavolan-dalàna izao.